Miezaka Manao Asa Iray Ho An'Andriamanitra Nefa Tsy Araky Ny Sitrapon'Andriamanitra

Ndao isika hitohy hitsangana vetivety ankehitriny raha hivavaka. Ndao isika hanondrika ny lohantsika.

Tompo, faly izahay izao maraina izao ny tafaverina eto an-tranon'Andriamanitra indray, ao amin'ny fotoana hafa iray. Ary mivavaka izahay, Andriamanitra, mba Hanitsianao anay izao maraina izao ny amin'ireo fahadisoanay rehetra. Asehoy anay ny làlana izay efa Notendrenao ka tsy maintsy handehananay. Ary omeo anay ny Fahasoavanao sy ny fitiavanao, mba hahafahanay hanaraka an'ireo làlana sy toro-làlana ireo amin'ny fonay rehetra, mba hahitana anay, amin'izany andro izany, ao amin'i Kristy, tsy hanan-tsiny, satria mino izahay, Tompo, fa tsy ho ela ny Fisehoany.

2 Hitanay fa ireo famantarana rehetra izay Nolazainy fa hiseho alohan'Ny Fihaviany mihitsy, dia tanteraka ankehitriny. Ary miandry an'izany fotoana izany amin'ny fifaliana izahay. Tahaka ny niandrasan'i Abrahama fahiny an'ilay zanaka nampanantenaina, ka nahita an'ireo famantaran'Andriamanitra farany tonga teto an-tany, fantany tamin'izay fotoana izay fa tsy ho ela intsony dia ho tonga ilay zanaka. Ary ankehitriny dia hitanay miverina indray izany. Jesosy no niteny taminay fa, "Rehefa manomboka miseho ireo zavatra ireo," dia manandrandra ny lohanay izahay, fa ny—ny fanavotana anay dia manakaiky, "ny fahaverezan-kevitry ny fotoana, ny fahoriana eo amin'ny samy firenena, ireo horohoron-tany any amin'ireo toerana samihafa, ny ranomasina mierona, raiki-tahotra ny fon'ny olona."

3 Fantatray fa ao amin'izany ora izany no misy anay, izay tsy ahafantaran'ireo firenena intsony izay hatao. Ho tonga ny ady iray hafa, toa tahaka an'izany ilay izy. Ho zavatra mahatsiravina iray toy ny inona izany! Ho vaky hisaratsaraka ny tany, ireo siantifika milaza fa misy zavatra mampahatahotra iray manakaiky. Hitanay ny Baiboly miteny ny amin'izany. Noho izany, Tompo, dia ampio izahay androany mba hitsangana ato amin'ity tranon'ny fanitsiana ity, ka handray an'ireo baiko avy amin'Andriamanitray, mba handroso ao amin'izao oran'ny aizina izao, hampamiratra

ny Hazavana, satria izao no mety ho fanararaotranay farany hanaovana an'izany. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy sy nohon'ny Aminy izahay. Amena.

Mahazoa toerana.

4 Heveriko ho tombontsoa lehibe tokoa izao, ny tonga eto amin'ny tabernakla izao maraina izao. Ary miala tsiny fa tsy manana toerana hipetrahana izahay, manerana, ho anareo. Ary feno tanteraka ny toerana, ary mitsangana ny any ivelany rehetra any.

Ianareo olona any ivelany ankehitriny, dia afaka mandre an'izao amin'ny radio-nareo ianareo. Adinoko . . . [Hoy ny olona iray hoe, "Dimy amby dimampolo hatramin'ny fito amby dimampolo."—Mpand.] Dimy amby dimampolo hatramin'ny fito amby dimampolo. Ianareo olona any ivelany, sy any amin'ireo toerana fametrahana fiara any ivelany, sy eny an-dàlam-be, dia afaka mandre an'izao amin'ny radio-nareo, eo anelanelan'ny dimy amby dimampolo sy fito amby dimampolo eo amin'ny tavan'ny radio-nareo. Noho izany dia niezaka izahay . . .

5 Niverina aho, raha ny marina, ho eto, mba hiezaka ny hanana fivoriana folo andro, hiresahana eo amin'ny lohahevitra hoe *Ireo Lovia Fito Farany.* Satria, eo anelanelan'ireo Lovia ireo no nisy an'ireo Trompetra. Ary niteny taminareo aho tao amin'ny . . . rehefa hitory eo amin'ireo Trompetra Fito aho, fa hitondra azy ireo miaraka amin'ireo Lovia sy ireo Loza. Ary nihevitra aho fa ho fotoana tsara iray izany. Vao tafaverina avy any Afrika aho, ary—ary tsy mbola nahazo ny fakan-drivony ireo ankizy.

Ny zanako lahikely, Joseph, dia—dia somary nandeha kely . . . nila fianarana kely herinandro teo amin'ny famakian-teniny. Afaka izy, tena tsara, saingy tsy nahazo ny sahalan'isa. Noho izany dia notazoninay tany Tucson izy, mba, rehefa tany Afrika aho, ary nanohy ny famakian-teniny sy hahatratra an'ilay izy, amin'ny andro fianarana iray.

Ary avy eo dia niverina izahay. Ary nieritreritra aho, raha hahazo ny fialan-tsasany ireo ankizy, fa hanao fivoriana kely iray eto aho miaraka amin'ny olona, ary hitory an'ireo lohahevitra ireo. Saingy rehefa tonga teto izahay, dia hitanay fa tsy afaka nahazo an'ilay toera-malalaka an'ilay sekoly izahay.

6 Ary fantatro fa tsy ampy hametrahana ny olona ny tabernakla, sy hanaovana azy ireo hahazo aina amin'ny tokony haha-izy azy rehefa izy ireo . . . rehefa manana an'ity Hafatra ity aho, noho izany izahay dia tsy maintsy—tsy maintsy nanao fandaminana hafa iray. Ary raha tokony hanana an'ireo—ireo hariva folo izay efa nomaninay ho azo, eny, dia nataoko fivoriana roa isaky ny Alahady ilay izy; amin'ny Alahady izao, ny Alahady heriny, ary ny Alahady manaraka, dia fivoriana roa. Noho izany, ary tsy nanaovanay filazana mihitsy izany.

Ary, noho izany, raha nisy olona iray izay nandre fa hanomboka amin'ny valo amby roapolo ireo fivoriana, ao amin'ny toera-malalaka an'ilay sekoly, raha navelan'Andriamanitra, eny, raha manana sakaiza iray ianareo ka nanao famandrihan-toerana ao amin'ireo tranom-bahiny, izaho—izaho dia—dia hanafoana an'izany, hitanareo, satria izany—izany izy ireo, tsy afaka nahavita an'ilay asa hahazoana azy izahay. Izy ireo dia tsy afaka nahazo an'ireo—ireo toera-malalaka an'ilay sekoly.

7 Ary ankehitriny dia tiako ny hiresaka, eo amin'ireo fivoriana evanjelistika fotsiny amin'ny Alahady maraina. Ary tiako ny hanana vavaka ho an'ny marary ny Alahady hariva. Ary matoky izahay fa hihaona aminareo olona izay marary Andriamanitra. Tsy fantatro hoe ahoana no hikarakaran'i Billy anareo; heveriko, fa hizara karatra fangataham-bavaka izy, na ahoana na ahoana, ireo fomba hifehezana ny fiangonana. Fa hanao izay azonay hatao izahay hivavahana ho an'ny olona rehetra amin'ireo herinandro telo manaraka ireo izay kasainay hanaovana fivoriana, raha izany no sitraky ny Tompo.

8 Ary amin'izay fotoana izay dia matetika no misy fihaonana manokana, misy olona izay te-hahita anareo iray minitra fotsiny eo amin'ny zavatra anankiray na zavatra tahaka an'izany. Ary izahay dia . . . Firy ato no mila fihaonana manokana, aoka ho hita ny tànanareo. Ooao! Iza no tsy mila? Noho izany izahay . . .

9 Toa ho sarotra kely ny handray azy ireo, noho izany dia soraty ny fangatahanareo ary alefaso izy ireny, apetraho amin'i Billy izy ireny, avy eo dia afaka ny hijery azy ireny aho avy eto. Ary, ankehitriny, hanao filazana izy mikasika, heveriko, an'ireo karatra fangataham-bavaka, hoe rahoviana no ho zaraina izy ireo.

10 Firy ireo rahalahintsika mpitoriteny eto izao maraina izao? Tsy nanana anjara isika ny, tsy mihevitra aho . . . Nahafantatra ny iray tamin'izy ireo ve ianareo? Firy ny mpitoriteny ato izao maraina izao, hanangana ny tànanareo fotsiny ve ianareo? Na, mitsangàna. Ndao jerentsika hoe firy ny mpitoriteny ato am-piangonana izao maraina izao. Eny, tsara! Isaorana ny Tompo ny amin'ireo lehilahy ireo. Maniry isika ny hanana fotoana hiarahabana ny tsirairay avy amin'izy ireo, fa azoko antoka fa hitanareo izy ireo. Ary isika . . . Andriamanitra no mahafantatra azy ireo ao amin'ny asany, ary mivavaka isika mba hitahian'Andriamanitra betsaka azy ireo. Ary, tsy isalasalana, fa maro amin'izy ireo no nanafoana ny fivoriany, mba ho eto. Rahalahy Junior Jackson sy, heveriko, Rahalahy Don Ruddell, ary misy ity fandefasam-peo ity mandeha ao amin'ny fiangonan'izy ireo. Ary avy eo, ihany koa, any New York sy ireo toerana hafa manerana ny firenena, izao dia amin'ny alàlan'ny telefona manokana mankany amin'ny fiangonana tsirairay izao maraina izao.

11 Faly aho mahita an-dRahalahy Richard Blair mipetraka eto. Vao avy namaky taratasy iray aho ny amin'ny zavatra lehibe iray izay nataon'Andriamanitra teo anivon'ireo olona any. Indray andro, raha azoko . . . Mety ho diso aho, Rahalahy Blair; raha diso aho, dia ahitsio. Niasa izy, nanampy lehilahy iray nametraka tariby teo amin'ny fitarihana iray na zavatra iray, mino aho fa izay ilay izy. Namaky an'ilay taratasy aho. Ary nampifamadika zavatra iray izy ireo, ary, na ahoana na ahoana, nampandeha an'ilay herinaratra tao anatin'ny rano izany izay nisy zazalahy kely iray, anankiray . . . ilay—ilay lehilahy izay tompon'ilay fitarihana, ny zanany lahikely, zazalahy kely iray mihitsy, ary namono an'ilay zazalahy kely izany. Ary nibontsina ny kibony. Fantatsika ny famelezan'ny herinaratra, izany hoe, rehefa maty izy ireo, dia izany no mitranga. Nilentika ireo maso keliny; nitambatra ny nifiny.

12 Nanaitra mafy an'ireo rahalahy izany. Nilaza i Rahalahy Blair fa nihevitra ny hahazo ahy tany ho any izy, mba hivavaka ho an'izany, saingy tsaroany fa ilay izy dia hoe, "Na aiza na aiza no ivorian'ny roa na telo amin'Ny Anarako, dia eo afovoan'izy ireo Aho." Ary naratra ny rantsan-tànan'ilay ray teo am-piezahana nanala ny rantsan-tànany tao amin'ny vavan'ilay zazalahy kely, mba hanokatra an'izany. Dia nandohalika teo izy ireo ary nanomboka nivavaka ho an'ilay zazalahy kely, ary niverina tamin'ny fiainana indray izy.

13 Marina ve izany, Rahalahy Blair? Iray amin'ireo rahalahintsika mahatoky eto. Oh, eto ilay zazalahy kely. Eny, isaorana ny Tompo. Tsara izany. Tianay hitsangana ianao, ry tovolahy. Ankehitriny, misaotra an'ilay Tompo malala isika ny amin'izany. Io ve ny rain'ilay zazalahy kely? Ianao ve ilay ray? Marina izany. Ary io i Rahalahy Richard Blair. Afaka manao ny zavatra rehetra ny Andriamanintsika. Eny, tompoko. Izy no nampanantena an'izany. Isika dia miaina ao amin'ny Fanatrehana Masina an'ilay lehibe, be voninahitra, Ray An-danitra. Ary ny zavatra rehetra izay isika . . . dia azo atao raha afaka mino an'izany fotsiny isika.

14 Hitanareo ve ny ataon'izany, inona no naloan'izany ho an'ny fiainan'io lehilahy io tamin'ny finoana an'izany? Namonjy ny zanany lahikely. Ankehitriny, nanana an'ireo mpanompony mahatoky Andriamanitra tany, mba . . . Rahalahy Blair sy izy ireo, mba hivavaka ho an'ilay zazalahy kely rehefa tao amin'izany toerana izany izy. Eny, rehefa mitranga ny zavatra rehetra, dia tsarovy, fa zanak'Andriamanitra velona ianareo.

"Na aiza na aiza no ivorian'ny roa na mihoatra amin'Ny Anarako, dia eo Aho." Ary izao indray no voasoratra hoe, "Izy no tena famonjena manatrika foana amin'ny androm-pahoriana." Ary raha mbola nisy koa fahoriana, dia io zazalahy kely nandry tany io, maty, teo amin'ny tany, avy amin'ny famelezan'ny herinaratra izay nitety azy. Noho

izany dia misaotra an'Andriamanitra isika izao maraina izao, amin'ny fontsika rehetra, ny amin'ireo, ny amin'ireo zavatra izay Nataony ho antsika ireo.

15 Andriamanitra hitahy an'ireo lehilahy mahatoky ireo, ihany koa. Amin'ny fotoan'ny hamehana iray dia izany no fotoana hijerena an'Andriamanitra. Ary mijere Azy, ka aoka ho mpisakaiza Aminy alohan'ny ahatongavan'ilay hamehana. Fantatsika izany. Raha mahita fitia amin'Andriamanitra isika, dia afaka mangataka Aminy ny zavatra rehetra, tahaka ny hataonareo amin'ny sakaiza hafa rehetra, ary Izy no tena famonjena manatrika foana amin'ny androm-pahoriana.

16 Nihaona teny an-dàlambe mihitsy aho, omaly, tamin'ny anabavin-dRahalahy John Martin. Izaho dia...Nisy olona iray nampijanona ahy teny an-dàlambe, ary nisy olona iray nandalo ka nanakopakopaka ny tànany. Niverina tany an-trano aho, fantatrareo, dia mahita ny olona ianareo hatraiza hatraiza, mijanona sy mandray tànana, sy ny sisa. Ary ity ramatoa ity, tsaroako fa niantso ahy izy ireo vao tsy ela, hoe nisy olona nandona azy avy taoriana, tao amin'ny fiara iray, ary tapaka ny taolan-damosiny sy ny ambony-sy-ambany manontolo. Tsy maintsy halemy izy amin'ny androm-piainany sisa. Mipetraka eto amin'ny fivoriana izy izao maraina izao, mifaly ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. Vao avy niresaka taminy mihitsy aho tao amin'ny efitra. Izaho dia te-hivavaka miaraka aminy, indray. Ary izy dia...Eto izy any ho any. Heveriko fa tsy afaka niditra izy.

Fa, io, azo antoka, mipetraka eto akaikintsika eto mihitsy izy. Marina izany. Hitsangana iray minitra fotsiny ve ianao, ranabavy, mba hahafahan'ny olona...Io ilay ramatoa izay nolazain'ny dokotera, andro vitsy lasa izay, fa tsy hamindra intsony, taolan-damosina tapaka sy ny sisa, avy tamin'ny lozam-piarakodia—lozam-piarakodia iray. Ary io izy mitsangana, sitrana.

Fantatrareo, hoy ny Baiboly hoe, "Ary tsy afaka niteny na inona na inona nanohitra an'izany izy ireo, satria nitsangana teo afovoan'izy ireo ilay lehilahy." Marina izany. Io ilay zazalahy kely tafaverina avy tamin'ny fahafatesana, ary io ilay vehivavy niaraka tamin'ny taolan-damosina tapaka, mitsangana eo afovoantsika. Vao avy vita mihitsy izany, noho izany dia Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo! Toy ny ahoana no tokony hahasambatra antsika ny amin'ny fahavelomana ankehitriny ao amin'Ny Fanatrehany, sy mahafantatra fa Izy io tena famonjena manatrika foana amin'ny androm-pahoriana io.

Faly mahita an-dRahalahy Vayle, Rahalahy Martin, maro be amin'izao maraina izao. Ny Tompo hitahy anareo rahalahy, betsaka. Ankehitriny izany dia...

17 Fantatro fa tsy dia mangatsiatsiaka loatra ato, miaraka amin'izao vahoaka betsaka izao, kanefa, rehefa niala tany Tucson aho indray andro, dia teo amin'ny efatra amby zato na dimy teo ilay izy. Ary saiky ny misasak'alina, dia telo amby sivifolo ilay izy, ary toa tena tsara izany ho ahy. Ary tany Parker dia nilaza izy ireo fa efapolo amby zato ilay izy, ny Zoma talohan'ny nialanay. Ary azonareo eritreretina hoe mafana toy ny ahoana izany. Mazava ho azy, any an-tany efitra izany.

18 Ary, ankehitriny, ireo Alahady telo manaraka. Androany, ny fahadimy ambin'ny folo, mino aho, marina ve izany, sa fahenina ambin'ny folo; fahadimy ambin'ny folo, sa tsy izany? Fahavalo ambin'ny folo, ary ny fahavalo amby roapolo, sy ny voalohan'ny Aogositra, (marina ve izany?) Aogositra. Ny fahadimy amby roapolo. . . Ny fahavalo ambin'ny folo, fahadimy amby roapolo, ary ny voalohany, dia hisy fivoriana eto amin'ny tabernakla. Aza, fantatrareo, aza aparitaka loatra izany, satria, hitanareo, isika dia tsy afaka mampiditra, an'izay eto ankehitriny, ho ato anatiny, fantatrareo, ka mbola ho ratsy mihitsy izany. Miverena fotsiny raha afaka ianareo.

19 Ary avy eo dia eto aho hamory an'ireo mpitantan-draharaha miaraka. Somary sorena kely aho ny amin'io tsy fahazoako toerana hanaovana fivoriana io, rehefa mahatsapa ho voatarika hanao an'ilay izy aho. Noho izany dia heveriko fa hanontany aho raha tsy afaka haka ny tranolain-tsika fotsiny isika ka—ka hanangana an'izany, ary hijanona ao, fantatrareo. Hitondra azy eto ao amin'ilay kianja fanaovam-baolina, na any amin'ny toeram-piompiana iray, dia hamindra azy hitety toerana, arak'izay hitarihan'ny Tompo fotsiny. Ary tsapako fa izany ho Hataony. Fantatrareo, misy fahitana iray mikasika an'izany. Ary heveriko fa angamba izany no antony itrangan'izao. . . Ankehitriny, fantatrareo, matetika mihitsy isika no mihevitra fa mahatsiravina ilay izy satria mitranga ireo zavatra sasany, saingy, fantatrareo, izany dia mety ho Andriamanitra, hitanareo, no mitondra anareo ao amin'ireo zavatra ireo. Rehefa, niteny an'izany Izy, dia hanao an'izany Izy.

20 Hariva vitsy lasa izay, maro aminareo, teo amin'ny iray volana talohan'ny nandehanana tany Afrika, maro aminareo angamba no manana an'ilay horonam-peo, aminareo olona izay maka an'ireo horonam-peo, teo amin'ny, *Fifidianana Ampakarina Iray,* izay notoriana tany California. Ireo minitra vitsy farany an'io horonam-peo io, dia tsy mahatsiaro hoe tany mihitsy aho. Fa tahaka an'izany no nahatongavan'ny Fanahin'ny Tompo. Nanameloka azy ireo ny amin'ny fomba izay niainan'izy ireo sy nataony aho, nefa dia efa voatory ny Filazantsara ary nambara teo anatrehan'izy ireo betsaka mihitsy. Tamin'izay fotoana izay, tampoka teo, dia niteny ny Fanahy Masina ka nanao hoe, "Ry Kapernaomy," hitanareo, "ilay tanàna izay miantso ny tenanao ho anaran'anjely," izany

hoe Los Angeles, "nisandratra hatrany An-danitra ianao, saingy haetry any amin'ny helo." Hitanareo? Ary avy eo rehefa tapitra izany, nahoana, dia tany ivelany aho, ary Rahalahy Mosley sy Billy no niaraka tamiko. Dia hoy izy ireo... Nitodika aho ka nijery, ary feno olona nipetraka ny gorodona manontolo, nigogogogo ireo mpitoriteny.

21 Ary nandeha aho ka nandray ny Soratra. Hoy aho hoe, "Misy zavatra iray mikasika an'izany ao amin'ny Baiboly."

Ary izany dia Jesosy izay nananatra an'i Kapernaomy, ireo tanàna amorontsiraka rehetra izay Notsidihany. Nahoana, hoy Izy hoe, "Ry Kapernaomy, nisandratra hatrany An-danitra ianao, ary haetry any amin'ny helo." Hoy Izy hoe, "Fa raha mba tany Sodoma sy Gomora no natao ireo asa izay natao teo aminao, dia haharitra izy androany." Ary tamin'io fotoana io, dia tany ambanin'ny ranomasina i Sodoma sy Gomora.

Ary taorian'izany mihitsy, angamba zato taona na tahak'izany, taorian'ny faminanian'i Jesosy, Kapernaomy, ilay tanàna amorontsiraka tokana izay Notsidihany, horohoron-tany iray no nandentika azy tao anaty ranomasina. Ary fantatrareo fa izany no valiny mivantana iray ho an'i California, ho an'i Los Angeles.

22 Ary tamin'izay fotoana izay tany Tucson indray andro, vantany vao tafaverina mihitsy aho, dia nisy horohoron-tany iray nitranga tany. Ary nanao sary an'izany teo amin'ny televiziona ireo siantifika. Tao amin'ny gazety izany. Hoe, ny tany, indray andro, dia nitresaka avy teo amin'ireo Nosy Aleutian, na avy teo Alaska, nanodidina an'ireo Nosy Aleutian, teo amin'ny roanjato maily teo tany anaty ranomasina, niverina indray tany San Diego, nandeha nanodidina an'i Los Angeles, ary nivoaka tao San Diego. Ary nanongotra inches maromaro izany. Nihotsaka ireo trano. Nilentika ireo tranom-bahiny.

Ary ireo siantifika nasaina teo io dia—dia nanontaniana. Hoy izy ireo hoe, "Eny, mety ho rendrika ve izany indray andro any?"

23 Hoy izy, "Mety? Ho rendrika izy!" Ary nampiasa ny anaran'ireo siantifika izy ny amin'ny hoe ahoana ireo vato miempo... Izany no nahatonga an'ireo horohoron-tany ho lava be, nanodidina an'i San Diego sy ny tany ambany. Io toerana milempona io izany. Ary ankehitriny dia manomboka mivaky izany, tahaka ny fasika milentika, ary mafy ivelany fotsiny ilay izy ankehitriny. Ary izany dia nanongotra, inches maromaro. Afaka naka radara sy ny karazany izy ireo, ary nanaraka an'ilay triatra, sy nanisy marika an'izany. Hitako hoe taiza ilay izy.

Ary izany dia nanongotra, inches maromaro amboniny, angamba roa na telo inches indray andro, indray, taorian'ny nanomezana mihitsy an'io faminaniana io.

Ary ireo izay nanadihady an'ireo siantifika, dia nanao hoe, "Eny, mety tsy ho amin'ny androntsika angamba izany."

24 Hoy izy hoe, "Mety ho afaka dimy minitra izany na afaka dimy taona; fa ho rendrika izy."

25 Rtoa. Simpson, tsy mihevitra aho fa miaraka amintsika izy androany. Na, mahita an-dRahalahy Fred aho mipetraka eto, saingy tsy fantatro hoe aiza Rtoa. Simpson. Nandeha izy ary naka faminaniana iray izay nataoko, tany amin'ny 1935 na zavatra tahaka an'izany, ka nanao hoe, "Ho avy ny fotoana," voasoratra ao amin'ny boky iray any ho any izany, "izay hanivatsivahan'ny ranomasina ny làlany hatrany amin'ny tany efitra."

Jereo izay hiseho. Raha milatsaka ao anatin'ilay vato miempon'ny tany io an'arivony maily tora-droa io, ka mikorisa, dia hisy an-tapitrisany no indray ho faty. Ary hiteraka samontan'onja be izany! Tsarovy, hatrany Salton Sea mihitsy, dia zato na roanjato dian-tongotra ambany noho ny hahavon'ny ranomasina. Mety ho tonga saiky hatrany Tucson izany rano izany, miaraka amin'io samontan'onja tonga manerana eo io. "Ary hanivatsiva ny làlany hatrany amin'ny tany efitra ny ranomasina."

> Rava ireo firenena, mifoha Isiraely,
> Ireo famantarana izay nolazain'ireo mpaminanintsika mialoha;
> Voaisa ny andron'ny Jentilisa, feno tahotra;
> Miverena, O ry niely, amin'ny anareo manokana.

26 Ao amin'ny andro farany isika. Ankehitriny, ny Tompo hitahy betsaka anareo. Nanomboka teo amin'izany aho ary adinoko ny amin'ny ora. Isika dia hitsofoka haingana, tena haingana, ao amin'ny Mandrakizay, na ahoana na ahoana.

27 Ary ankehitriny ao amin'ny Masindahy Marka, ny toko faha-7 ary ny andininy faha-7, mba hitondrana lahateny iray ho an'ity lohahevitra ity izay vao avy novakiana tao amin'ny Tantara Voalohany 13. Mba hanaovana lahateny iray ho an'ity, dia tiako ny Marka 7:7.

> . . .*foana ny ivavahan'izy ireo amiko, mampianatra didin'olombelona ho* foto-pampianarana.

28 Ankehitriny, tsy mahafantatra afa-tsy ny Hafatra izay nomen'ny Tompo ahy aho, ary izany ihany no azoko resahana. Ary ankehitriny, hiresaka eo amin'ny lohahevitra iray aho izao maraina izao izay noheveriko fa ho tsara. Ary rahariva aho dia te-hiresaka eo amin'ny, "sakafo amin'ny fotoana mety," raha sitraky ny Tompo: *Sakafo Ara-Panahy Amin'Ny Vanim-Potoana Mety,* sy ny hoe ahoana no handraisana an'Izany. Ankehitriny, izao maraina izao dia: *Miezaka Manao Asa Iray Ho An'Andriamanitra Nefa Tsy Araky Ny Sitrapon'Andriamanitra.*

29 Masi-mandidy Andriamanitra. Ary hitantsika eto izay nataon'i Davida, ao amin'ny famakiana ny Soratra an'ny Tantara Voalohany 13. Ary izy dia...Tsara ireo fikasany. Saingy tsy manome fankasitrahana antsika eo amin'ireo fikasana tsara Andriamanitra. Fomba tokana ihany no hanompoana an'Andriamanitra, izany dia amin'ny fanaovana ny Sitrapony amin'ny Didiny. Ary Andriamanitra, satria masi-mandidy, dia tsy misy olona iray hiteny Aminy an'izay hatao na ahoana no fanaovana azy. Izy no manao azy amin'ny fomba, Izy no mahafantatra ny fomba marina hanaovana azy. Dia manao ahy hahatsapa ho tsara izany. Ary tokony hanao antsika rehetra hahatsapa ho tsara, ary azoko antoka fa manao izany. Satria, ny anankiray hila an'Izany ho tonga amin'*ity* fomba ity, ary ny anankiray hanana an'Izany handeha tahaka an'*izao*, ary ny anankiray amin'ny fomba hafa.

30 Fa ny zavatra lehibe anankiray, indray, mikasika an'Andriamanitra, dia tsy Navelany isika, ankehitriny, raha tsy mahafantatra hoe inona ny Fahamarinana ary ahoana no hanaovana an'izany. Tsy ho marina Izy, raha hanasazy antsika amin'ny fanaovana zavatra izay tsy fantatsika hoe ahoana no tokony nanaovana azy, ka hamela antsika ho tafintohina amin'ny zavatra anankiray avy eo. Tsy karazana Andriamanitra tahaka an'izany Izy. Andriamanitra iray izay miteny ny Teny Izy ary miandry ny Zanany hino an'Izany. Ary, noho izany, dia Izy no mahafantatra izay tsara indrindra, sy rahoviana no hanaovana azy, ary ahoana no hanaovana azy. Manana ny hevitsika isika ny amin'izany, fa Izy no mahafantatra.

31 Ary noho izany raha nametraka rafitra iray Izy, ny amin'izay Hataony, ka tsy niteny tamintsika an'izay hitranga sy hoe ahoana no hitrangany, amin'izay fotoana izay isika, raha tafintohina amin'izany, dia ho—dia ho hamarinina amin'ny—amin'ireo fahatafintohinantsika; na, ny fiezahana nanao zavatra iray, ny tsirairay avy no hohamarinina. Fa fomba tokana ihany no misy, ary izany dia Ny Teniny.

32 Ary zavatra hafa iray, Davida eto, hitantsika fa tao am-pony dia te-hanao zavatra iray izay tsara izy. Tsy nanana antony ratsy izy, na tanjona ratsy. Fa, ilay trano, na ilay fiaran'ny Tompo, dia lavitry ny—ny vahoaka, ary tiany ny hamerina ny fiaran'Andriamanitra amin'ny toerany, mba hahafahan'ny vahoaka hanontany an'Andriamanitra mikasika an'ireo zavatra izay tian'izy ireo.

33 Raha tokony ho—ho namela an'ilay izy handeha fotsiny, isika...Ahoana moa raha nilaza i Rahalahy Blair sy ny rain'io zazalahy kely io hoe, "Eny, tena mampalahelo ilay izy, voadona mihitsy ilay ankizy, maty. Heveriko fa, zavatra iray izay nitranga fotsiny io"? Fa nandeha haingana teo amin'Andriamanitra izy ireo.

34 Ahoana moa raha ilay ramatoa kely, sy ny vadiny, mpitoriteny iray an'ny Filazantsara, hariva vitsy lasa izay, na andro, rehefa tratran'ilay taolan-damosina tapaka io ramatoa kely io, izay vao avy nitsangana teo. . . Hoy ny dokotera hoe, "Halemy izy amin'ny fiainany rehetra." Ahoana moa raha hoy izy sy ny vadiny hoe, "Eny, malala, hampionona ny tenantsika amin'izany fotsiny isika"? Fa nanao zavatra haingana mikasika an'izany izy ireo; nandeha teo amin'Andriamanitra. Zavatra firy ao amin'ny Baiboly no azontsika hanondroana, ny amin'ny hoe rehefa tratry ny olana ny olona, dia manatona an'Andriamanitra!

35 Eny, noho izany, tamin'ireo andro ireo, dia toeram-pihaonana anankiray ihany no nananan'izy ireo izay nahafahany nihaona tamin'Andriamanitra, ary izany dia teo amin'ilay fiara, teo ambanin'ny rà. Mbola izany ihany koa no toerana tokana, eo ambanin'ny Rà. Nofafazana ilay toeram-panavotana, mba hanome famindrampo an'ilay mpivavaka, na ilay mpangataka, rehefa tonga hanontany ny fitakian'Andriamanitra izy. Ary nanana fanao mahazatra manokana iray Andriamanitra, ny fomba izay tsy maintsy nandehananareo, ihany koa, mikasika an'izany, ka tsy hanaiky zavatra hafa Izy. Tsy hanaiky fepetra hafa iray Izy; ny fomba izay Nanamboarany azy fotsiny.

36 Nitory Hafatra iray mihitsy aho vao tsy ela, maro aminareo no mahafantatra mikasika an'Izany, hoe, ny toerana tokana izay ihaonan'Andriamanitra amin'ny mpivavaka, dia ny toerana izay Nolazainy hoe, "Hasiako Ny Anarako." Raha afaka mahita ny fiangonana izay Hasiany Ny Anarany isika, amin'izay fotoana izay vao manana an'ilay toerana. Hoy Izy hoe, "Tsy hitahy anareo ao amin'ny vavahady rehetra Aho; fa ireo vavahady izay Asiako Ny Anarako fotsiny. Hapetrako ao amin'ny toerana anankiray izany, ary ao no tsy maintsy hihaonanareo Amiko; ary izany ihany no toerana tokana izay Hihaonako aminareo." Ary hitantsika, amin'ny alàlan'izany, taiza no Nasiany Ny Anarany, ary izany ihany no toerana tokana izay Ihaonany amin'ny mpivavaka. Ary Ny Anarany dia Jesosy Kristy. Ny Anaran'Andriamanitra dia Jesosy Kristy.

37 Hoy Jesosy hoe, "Tonga amin'ny Anaran'Ny Raiko Aho." Tonga amin'ny anaran'ny rainy ny zanaka rehetra. Ary tonga tamin'ny Anaran'ny Ray Izy.

"Ary tsy misy Anarana hafa ambanin'ny Lanitra izay nomena teo anivon'ny olona," na antsoina hoe Metodista izy, Batista, Presbyterana, fiangonan'i Kristy, na inona na inona no mety nanaovana azy. Toeram-pihaonana tokana ihany no ihaonan'Andriamanitra amin'ny olona, ary izany dia rehefa ao amin'i Jesosy Kristy izy, toerana tokana. Ary ireo zavatra fahiny rehetra izay eto ambanin'ny Testamenta Taloha eto, dia nanao tandindona an'izany. Tiako ho azonareo mazava tsara izany. Ankehitriny, lesona sekoly Alahady iray izao. Manana

Soratra vitsivitsy sy naoty aho voasoratra eto. Nihevitra aho fa hanampy anareo hahazo izao, satria mitranga ho ohatra ho antsika ny zavatra fahiny rehetra.

38 Ankehitriny, hitantsika fa manana fomba iray fanaovan-javatra Andriamanitra. Fa i Davida, satria vao avy notahian'Andriamanitra, tahaka azy, ka lasa mpanjaka, dia nihevitra mihitsy izy fa hanao zavatra iray fotsiny ho an'Andriamanitra, na ahoana na ahoana. Ary tsy nanao an'izany tamin'ny fomba marina mihitsy izy.

39 Mahamarika isika, fa manambara Ny Teniny amin'ny Vanim-potoany voafidy mialoha Manokana Andriamanitra. Ankehitriny, ahoana no hahafahan'i Martin Luther mahafantatra ny mikasika ny Hafatra amin'izao andro izao? Ahoana no hahafahan'ireo Presbyterana? Ahoana no hahafahan'i Martin...na ny fiangonana Katolika hahafantatra ny hafatr'i Martin Luther? Ahoana no hahafahan'i John Wesley hahafantatra ny hafatr'i Luther? Ahoana no hahafahan'i Wesley hahafantatra ny hafatra Pentekotista? Na ahoana no hahafahan'ireo Pentekotista hahafantatra an'ity Hafatra ity? Hitanareo? Manambara an'Izany amin'ireo Vanim-potoany Izy, satria Voa iray Izany. Ary arakaraky ny Itomboany ka masaka, no Anambarany ny Tenany.

40 Tahaka ny hafanan'ny masoandro, mba hisokatra. Rehefa malefaka sy tanora izy, dia mamoaka azy avy ao amin'ny tany, ilay voa; avy eo manome azy an'ireo ravina, ao amin'ny dingana hafa iray an'ilay masoandro. Ny masoandro mahamay dia hamono azy raha voa eo am-pahamasahana izy... na fotoam-pahamasahana. Noho izany, Izy no mandrindra ny masoandro sy mandrindra ny natiora, mba hifanaraka amin'Ny Teniny.

Izy no mandrindra ny Fiangonana, ilay voafidy mialoha, ilay Ampakarina, mba hifanaraka amin'ny vanim-potoana izay iainany.

41 Na ny natiora izy tenany aza dia miteny amintsika, raha mahita an'ireo firenena rava isika, ny tany milentika, fa eo amin'ny rindrina ilay sora-tànana. Hitantsika ny fiangonana sy ireo toerana misy azy.

Hitantsika ny Ampakarina sy ny toerana misy Azy. Ary fantatsika, amin'ny alàlan'ny natiora, fa efa miomana ny handeha ny Fiangonana. Fotoana iray be voninahitra toy ny inona! Izany no fotoana izay nirian'ireo mpaminany rehetra ho hita, izao ora izao.

42 Ankehitriny, manambara Ny Teniny amin'ny Vanim-potoany fotsiny ihany Izy. Namaky ny Baiboly iray ihany izay novakiantsika i Martin Luther. Namaky ny Baiboly iray ihany izay novakian'i Martin Luther i Wesley. Namaky ny Baiboly iray ihany izay novakiantsika ireo Pentekotista.

Namaky ny Baiboly iray ihany izay novakian'ireo Fariseo i Jesosy, saingy izy ireo dia . . . Niezaka nihazona an'ilay voa tao amin'ny toerana voalohany, nefa masaka ilay izy, diso tamin'ny fahitana ny orany izy ireo.

Ankehitriny dia nanao an'ilay zavatra mitovy i Davida eto.

43 Andriamanitra no manambara an'ity Teny ity amin'ny vanim-potoana, sy amin'izay Fidiany hanambarana Azy. Mifidy an'izay Anambarany Azy Andriamanitra. Nifidy an'izany talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao Izy. Ireo Fanaony rehetra dia efa fantatra mialoha tamin'ny Alàlany, niafina tamin'ny olona. Manambara amin'izy ireo an'izay Tiany fotsiny Izy. Izany no Vanim-potoany voafidy, ny Olony voafidy. Ary tsy nifidy antoko na sekta mihitsy Izy; olona iray voafidy izany, ahoana no Anaovany azy.

44 Iza no sahy hanitsy Azy, ka hanao hoe, "Ankehitriny, Tompo, nanao fahadisoana iray Ianao tamin'ny fametrahana an'*ity* lehilahy ity tao amin'ny asam-panompoana. Tsy mino tahaka ny inoanay *ity* lehilahy ity"? Iza no hiteny amin'Andriamanitra fa diso Izy tao amin'izany? Izany dia hila olona iray izay maditra kely kokoa noho izaho, mba hiteny an'izany Aminy. Fantany izay Ataony. Fantany hoe iza no ho fidiana ary iza no tsy ho fidiana, inona no atao ary rahoviana no hanaovana azy. Tsy mampaninona na betsaka toy ny ahoana aza no iheverantsika fa olona iray no manana fahaizana hanao asa iray, Andriamanitra no mahafantatra hoe iza no manana fahaizana ho an'ilay fotoana sy ilay vanim-potoana, na ny andro sy ny fotoana marina hanaovana an'ilay izy.

45 Ary ny tena Kristiana, marina; ny tena mpino, marina an'Andriamanitra, dia miandry ny Tompo ho an'ireo zavatra ireo. Miandrasa ny asam-panompoanareo. Raha mahatsapa antso iray ianareo, dia aoka hahazo antoka fa Andriamanitra izany. Aoka hahazo antoka fa marina izany. Aoka hahazo antoka fa ara-potoana izay lazainareo. Hoy ny Baiboly hoe, "Ireo izay miandry ny Tompo dia manavao ny heriny. Elatra no hiakaran'izy ireo tahaka ny voromahery iray. Hihazakazaka izy ireo fa tsy ho sasatra. Raha handeha izy ireo, dia tsy ho reraka."

46 Mariho i Davida, mpanjakan'ny Isiraely, vao avy nosorana. Nandraraka ny diloilo teo aminy i Samoela, ary izy no nofidian'Andriamanitra, ho mpanjakan'ny Isiraely. Ary nahazo an'ity fanambarana ity i Davida, ny hitondra ny fiaran'ny Tompo ho ao an-tanànan'i Davida. Ankehitriny, tsy misy na inona na inona ratsy izany, saingy, hitanareo, diso no nanaovan'i Davida azy.

47 Ankehitriny, ilay izy dia toy ny hoe raha lehilahy iray tahaka an'izany no nahazo fanambarana iray, lehilahy iray malaza tahaka an'izany izay mpanjaka nofidian'Andriamanitra, ny mpanjaka malaza indrindra izay hany niaina teto

an-tany, ankoatran'i Kristy, heveriko, dia i Davida, satria Zanak'i Davida i Kristy. Ankehitriny, ilay lehilahy malaza indrindra, vao avy nosorana, tonga avy tamin'ilay tena Fanatrehan'Andriamanitra, dia nahazo fanambarana iray mba hanao zavatra ho an'Andriamanitra, ary te-hanao an'izany ho an'Andriamanitra; saingy diso ilay fanambarana. Ankehitriny, zavatra lehibe iray izany. Hifanaraka amin'ny lohahevitsika izany: *Miezaka Manao Asa Iray Ho An'Andriamanitra Nefa Tsy Nantsoina Hanao An'Izany*.

48 Mariho, nahazo an'ilay fanambarana i Davida. Ary mariho, tsy ilay mpaminany, Natana-ela, no nahazo an'ilay fanambarana. I Davida, ilay mpanjaka, no nahazo an'ilay fanambarana. Na i Natana-ela aza dia tsy nanontaniana akory mikasika an'izany. Tsy nanontany an'i Natana-ela mihitsy izy. Fa hitanareo ve eto, ao amin'ny Tantara Voalohany, fa ireo mpifehy arivo no nanontaniany, sy ireo mpifehy zato? Tsy nanontany an'i Natana-ela mihitsy izy. Nanontany ny vahoaka izy, ary nanontany an'ireo mpisorona sy teolojiana tamin'izany andro izany, ireo mpanora-dalàna sy ireo teolojiana. Nanontany aloha i Davida, nanao hoe, "Raha izany, izao, no avy amin'Andriamanitra, dia ndao isika handeha ka hitondra ny fiaran'ny faneken'Andriamanitsika, ho ato an-tanàna, ary ndao isika hanontany an'Andriamanitra alohan'ny hanaovantsika zavatra."

49 Saingy voalaza, tamin'ny andron'i Saoly hoe, "Niala tsy nanontany an'Andriamanitra izy ireo, tamin'ny alàlan'ny—ny—ny fiara, ny Orima, Orima Tomima. Niala tsy nanao an'izany izy ireo."

Hoy Davida hoe, "Ankehitriny ndao isika hiverina amin'Andriamanitra, isika rehetra! Ndao isika hiverina amin'ilay zavatra marina. Ndao isika handeha ka haka ny fiara ary hitondra azy eto, hitondra ny Fanatrehan'Andriamanitra," amin'ny teny hafa, "ho ao an-tanàna. Ndao isika hanao fifohazana iray. Ndao isika hamerina ny olona." Fa nahazo an'ilay fanambarana izy, izay toy ny hoe tsara, saingy tsy sitrapon'Andriamanitra ilay izy.

50 Raha tokony nanontany an'ilay loharano izay tokony nanontaniany, dia ireo kapiteniny no nanontaniany, satria vao avy lasa mpanjaka izy. Ary nanaraka an'io laharam-pisainana io izy, hoe, ireo lehiben'ny mpifehy sy ireo olo-malazany.

51 Avy eo niditra tao amin'ny fiangonana ara-anarana izy ka nanontany raha afaka hanana an'ilay fifohazana izy ireo. Ireo mpisorona, ireo mpanora-dalàna, ireo mpifehy arivo, ireo mpifehy zato, dia izy ireo no nanontaniany. "Sitrapon'ny Tompo ve izao?" Ary nilaza izy ireo fa izany io. Saingy, hitanareo, diso tamin'ny fanontaniana an'ilay tena fototra izay ifanarahan'Andriamanitra isan'andro izy. Hitanareo, diso tamin'ny fanaovana an'izany izy.

52 Ankehitriny dia tsara ny fikasany. Tsara ny antony. Tsara ny tanjony, sy ny hitondrana fifohazana iray ao an-tanàna, hamerina ny olona amin'Andriamanitra. Saingy tsy nanontaniany mihitsy ny fomba izay nolazain'Andriamanitra taminy hanaovana an'ilay izy. Hitanareo?

53 Na ny olona rehetra aza dia nanaiky, sy ireo mpisorona, fa hoe marina ny an'ny mpanjaka, "Nila an'ilay fiara hiverina ao an-tanàna izy ireo. Ankehitriny, nila ny Fanatrehan'Andriamanitra izy ireo. Nila fifohazana iray izy ireo." Saingy Andriamanitra tsy nampanantena ny hanambara Ny Teniny, amin'ny Vanim-potoany, amin'ny olona. Tsy nampanantena mihitsy Izy ny hanambara an'Izany amin'ilay mpanjaka, amin'ny vanim-potoana. Tsy miova Andriamanitra, na kely aza. Tsy nampanantena ny hanao an'izany Izy.

54 Tsy mampaninona na tso-po toy ny ahoana aza, sy antony tsara toy ny inona, sy tanjona tsara toy ny inona, ary hoe ahoana no itiavan'ny olona an'ireo zavatra ireo sy hahita ny ilàna an'izany, misy sitrapon'Andriamanitra iray tsy maintsy tanterahina ao amin'ireo zavatra ireo. Izany no tiako halentika mafy, satria tiako ny hanao an'izao mba tsy maintsy hahitanareo azy raha—raha mitoetra ao anatinareo ny Fanahin'Andriamanitra. Ary izany no antony haharetako ela eto. Tsy ny haka ny fotoanareo olona ao amin'ny telefona, sy ao amin'ny fifandraisana, fa izaho—izaho dia maniry ny hahitanareo an'izany. Raha tsy manam-potoana ianareo, amin'izay fotoana izay dia alaivo ny horonam-peo. Fa misy . . .

55 Tsy mampaninona na ilaina toy ny ahoana aza izany, firy ny olona manaiky fa ilaina izany, toy ny ahoana fa izany no Fahamarinana, dia mbola misy zavatra anankiray tsy maintsy tadiavina. Sitrapon'Andriamanitra ve izany?

Ankehitriny, Andriamanitra tsy nampanantena mihitsy fa hanambara ny Tsiambaratelony amin'ireo Mpanjakany Izy, hanambara ny Tsiambaratelony amin'ny Olony Izy.

56 Zavatra anankiray tahaka ny tamin'ny fotoan'i Mikaia, zanak'i Jimla. Raha miala isika, tsy amin'ilay lahateny, fa fotoana hafa iray, mba hampidirana an'izao sy hanao azy ho marina aminareo, tena misy aminareo, mba tsy hahadiso anareo amin'izany.

57 Nisy, tamin'ny andron'i Mikaia . . . Lehilahy mahantra iray izy, ary avy tamin'ny fianakaviana mahantra iray ihany koa. Saingy, Ahaba, mpanjakan'ny Isiraely, satria firenena iray teo ambanin'Andriamanitra, dia nametraka sekoly iray tetsy ankilany izy ka nanomana mpaminany voafantina, sy voakarakara, ary nanana efajato tamin'izy ireo tao amin'ny sekoly iray. Fa lehilahy malaza izy ireo. Tsy mpaminany sandoka mihitsy izy ireo. Mpaminany Hebreo izy ireo, ary lehilahy tena izy. Fa tamin'ny

alàlan'ireo lehilahy ireo no nanontaniany ny Tompo. Ary naminany izy ireo. Saingy, hitanareo, rehefa tonga ilay tena fampisehoan-kery, ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia tany ivelan'ny Tenin'Andriamanitra sy ny sitrapony. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

58 Fa tonga avy tany Jerosalema i Josafata mba hihaona tamin'ny—ny mpanjaka Ahaba, ary nanao ny fitafiany izy ireo, ka nipetraka teo amin'ny—teo amin'ny vavahady fidirana, ary nitondra an'ireo mpaminany teo anoloan'izy ireo. Voalohany, hoy i Ahaba hoe, "Manana toerana iray izahay eto any Ramota-gileada izay tena anay tokoa." Ankehitriny, izany no HOY NY TOMPO HOE. Josoa no nizara an'izany tamin'ny vahoaka ary nanome an'izany ho azy ireo, saingy nalain'ireo Filistina izany.

Ary hoy izy, "Indro mila mofo ireo zanakay, nefa tsy manana tany betsaka izahay hamokarana mofo. Ary ny fahavalonay, ireo Filistina, dia mamahana ny zanany, ireo mpanompo sampy, avy amin'ilay tena tany izay nomen'i Jehovah Andriamanitra anay mihitsy." Tena mahitsy izany. Ary hoy izy, "Indro, izahay, vahoakan'Andriamanitra, mipetraka eto miaraka amin'ireo zanakay, mila zavatra, nefa ny fahavalonay mamahana ny zanany eo amin'ny tany izay niantsoan'Andriamanitra anay hivoaka avy tany Egypta sy nanome anay an'izany." Hampiakatra teolojiana iray izany, sa tsy izany? Hoy izy hoe, "Hiakatra ve izahay ka haka ny taninay izay nomen'Andriamanitra anay?"

59 Hoy i Josafata hoe, "Eny, hanampy anareo aho. Mpirahalahy isika. Ianareo eto Jodia, ary izaho ao—izaho ao Jerosalema." Na—na, ny mifamadika ve ilay izy? Mino aho . . . Tsia, marina izany. Heveriko ilay izy . . . Josafata.

Na ahoana na ahoana, Josafata dia lehilahy tsara iray, mpanjaka iray, lehilahy marina iray izay tia ny Tompo. Ahaba dia mpino matimaty iray. Noho izany dia nentiny teo izy ireo, dia hoy i Josafata hoe, "Henoy, ndao isika hanontany ny Tompo, aloha. Tokony ho hitantsika ny mikasika an'izao." Hitanareo, raha mba nanao an'izay nataon'i Josafata mantsy i Davida! Hoy izy hoe, "Tsy izany ve no tokony hataontsika?"

Ary haingana mihitsy, satria Isiraelita iray, dia hoy i Ahaba hoe, "Izany tokoa. Manana Hebreo efajato aho, tahaka antsika, mpaminany Hebreo avy amin'ny rafi-pandaminanay manokana. Ary hanontany azy ireo aho. Mpaminany izy ireo." Ankehitriny, hitanareo, izao fotsiny . . .

60 Hoy ianareo hoe, "Mahatafintohina ahy izany, Rahalahy Branham. Mpaminany iray?" Oh, hia. Nisy anankiray tamin'ny andron'i Jeremia, izay nilaza fa ho roa taona fotsiny ihany izy ireo no any. Hoy ny Tompo tamin'i Jeremia hoe, "fitopolo."

Nasiany zioga iray teo amin'ny tendany, ary notapahan'ilay mpaminany izany, Hanania. Fa fantatrareo izay nitranga taminy. Oh, hia. Tsy maintsy mijanona amin'ny Teny ianareo.

Noho izany dia tonga ireo mpaminany ireo ka naminany, ary nanao hoe, "Miakara! Momba anao ny Tompo."

61 Ary ny anankiray tamin'izy ireo, mino aho (adinoko ny anarany ankehitriny) ilay loha, Zedekia, mino aho, dia nilaza, nametraka tandroka vy roa izy ary nanao hoe, "HOY NY TOMPO HOE. Amin'ny alàlan'ity," ankehitriny io lehilahy io dia tso-po, "no hanosehanao ny fahavalonao mihitsy hiverina any amin'ny taniny, sy handraisanao izay an'Andriamanitra. Nomena anao izany." Tsy mino aho hoe mpihatsaravelatsihy iray izy. Mino aho fa lehilahy tsara iray izy. Mino aho fa izany ireo mpaminany rehetra ireo.

62 Hoy ianareo hoe, "Mpaminany?" Eny! Tsarovy, ilay tena lehilahy izay nanaiky ny hamonoana an'i Jesosy Kristy mihitsy, dia naminany, satria izany no asany. Izy no mpisoronabe tamin'io taona io. Ary satria nanana an'izany asa izany izy, ary nanao an'izany asa izany, dia tonga taminy ny Fanahin'Andriamanitra. Izany tsy midika fa hoe voavonjy izy na zavatra mikasika an'izany. Ary naminany izy, Kaiafa, satria asany ny nanao an'izany.

63 Ary ireto mpaminany ireto, satria mpaminany, amin'ny asan'ny mpaminany, dia naminany. Ary tonga tamin'izy ireo ny Fanahin'Andriamanitra, lehilahy miaraka amin'ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy.

64 Fantatro fa miresaka amin'ny Pentekotista sivy amby sivifolo isan-jato aho. Fa ireo olona matetika, ny olona iray, afaka mifanaraka amin'izy ireo Andriamanitra, manome azy ireo fanomezam-pahasoavana iray, fa ny olona dia hanery an'ireo olona ireo. Raha tsy nantsoina tanteraka izy ireo sy nirahin'Andriamanitra, dia hanao an'io lehilahy na vehivavy io hilaza zavatra izay tsy Sitrapony izy, satria ny olona no hanery azy ireo hanao an'izany.

65 Ahoana fa tsy maintsy namely ny pasitera kelintsika manokana eto aho teo amin'izany. Tany anaty ala tany indray maraina, teo amin'ny telo ora maraina teo, hoy Izy, "Mandehana teneno Rahalahy Neville!" Nanatona anao aho, sa tsy izany, Rahalahy Neville?

66 Ny olona rehetra, "Rahalahy Neville, maminania ny amiko. Lazao ahy *ity* na *itsy*." Hitanareo? Hampiteny azy zavatra izay tsy hiseho ianareo amin'izay fotoana izay.

"Ireo izay miandry," mba hahita an'izay tian'ny Tompo hatao. Hitanareo?

67 Noho izany dia nijery teo amin'ny lafiny ara-nofo ireto lehilahy ireto, "Anay io." Saingy, hitanareo, tsy nahita ny Teny sy ny sitrapon'Andriamanitra izy ireo.

68 Tamin'izay fotoana izay dia tonga i Mikaia, ary nahazo fahitana iray izy. Nandinika izy, aloha, voamarikareo. Hoy izy, "Andraso. Omeo ahy ny anio alina. Avelao aho hahita, ary afaka hamaly anareo angamba aho rahampitso." Tsy haingana mihitsy izy hoe, "HOY NY TOMPO HOE," toy ny hoe, nifanaraka tamin'ireo mpaminany hafa. Hoy izy hoe, "Izay lazain'Andriamanitra ihany no ho lazaiko."

Ary ny andro manaraka, hitantsika, fa niteny taminy an'izay hitranga Andriamanitra. Ary tena nifanohitra tanteraka tamin'ireo hafa izany. Ilay sekoly manontolo, dia nifanohitra izany. Ary na ny anankiray tamin'izy ireo aza dia nandroso ka namelaka azy teo amin'ny tarehiny, noho izany. Saingy, hitanareo, niandry izy. Tamin'izay fotoana izay rehefa nanao an'izany izy, dia nampitahainy ny faminaniany, ny fahitany, tamin'ny Teny voasoratra, ary tena marina araka ny Teny ilay izy.

69 Rehefa milaza ny olona iray fa izy ireo "dia nahazo fanambarana iray hanao batisa ny olona amin'ny Anaran'ny 'Ray, Zanaka, Fanahy Masina,'" dia mifanohitra amin'ny Teny izany. Tsy nisy anankiray tamin'ny sisa tamin'izy ireo mihitsy mba nanao an'izany. Rehefa milaza izy ireo, hoe, "Oh, hitsangana izahay, sy *ity, itsy,* ary ny *hafa,*" sy ny sisa, dia mifanohitra amin'ny Teny izany. Rehefa milaza izy ireo fa izy ireo "dia tsy mino ny taranaky ny menarana," dia mifanohitra amin'ny Teny izany. Ireo zavatra rehetra ireo, dia mifanohitra amin'ny Teny. Tsy maintsy miaraka amin'ny Teny izany ary amin'ilay vanim-potoana.

70 Ankehitriny, raha mba nanao an'izany fotsiny mantsy i Davida. Ho tonga ilay fiara, saingy tsy tamin'io fotoana io; tsy nisy toerana ho azy.

71 Mariho ankehitriny rehefa nandeha tany izy ireo mba haka an'ilay fiara, hoy ireo manan-kaja rehetra hoe, "Izao no zavatra tokony hatao, ry Davida. Voninahitra ho an'Andriamanitra! Mila fifohazana iray isika." Izany no tena Pentekosta, amin'izao andro izao; Batista, Presbyterana. "Davida, ianao no mpanjakanay! Ianareo rehetra . . . Kapiteny *Ranona-sy-ranona,* sy Manam-boninahitra *Ranona-sy-ranona,* ary Jeneraly *Ranona-sy-ranona,* dia ho ao amin'ny fivorianareo. Nahoana, milaza izy ireo fa izany no zavatra tokony hatao, ry Davida. Manana ny firenena manontolo miaraka aminao ianao."

Izany no olana amin'izao andro izao. Tsy mila ny firenena aho. Mila an'Andriamanitra aho, na dia tsy misy olon-kafa hitsangana aza.

72 Nanana an'ireo mpifehy rehetra i Davida. Nanana fiaraha-miasa niaraka tamin'ny hery ara-miaramila izy. Nanana fiaraha-miasa niaraka tamin'ireo anaram-piangonana rehetra izy, niaraka tamin'ireo teolojiana rehetra, niaraka

tamin'ny rehetra, ny olona rehetra dia nifanaraka taminy. Toy izany koa i Ahaba, sy ireo hafa ao amin'ny Soratra; saingy tsy nanana an'Andriamanitra izy, satria tany ivelan'ny sitrapon'Andriamanitra. Manantena aho fa azontsika izany.

73 Mariho, nanao ny fivavahana rehetra izay azony natao izy ireo. Mety nanao dokam-barotra sy ny sisa angamba izy ireo hoe, "Fifohazana lehibe! Ho tafaverina ny fiara. Hanana fifohazana iray izahay. Hanao an'*izao* izahay."

74 Mariho, naniraka mpihira izy. Nandefa olona niaraka tamin'ny harpa izy, niaraka tamin'ny trompetra, ary nanao ny zavatra ara-pivavahana rehetra izay fantany hatao izy ireo; nefa mbola tsy tao amin'izany foana Andriamanitra.

Ny sasany amin'izany dia hitantsika miverina indray, sa tsy izany?

75 Nentin'izy ireo ny mpihira rehetra. Nentin'izy ireo ny mpitendry harpa, ny mpitsoka trompetra; ireo vehivavy, ireo lehilahy, ary na iza na iza izay nihira. Nentin'izy ireo teo izy rehetra, ary nanatanteraka ny fanao ara-pivavahana rehetra izy ireo.

Tsy te-hilaza an'izao aho, saingy tsy maintsy lazaiko ilay izy. Toy izany koa ireo anaram-piangonana amin'izao andro izao, ny Pentekotista sy ny rehetra, dia manatanteraka ny fanao ara-pivavahana rehetra, amin'ny fihirana sy ny fikiakiahana.

76 Mariho, nikiakiaka tamin'ny heriny rehetra i Davida, ary niantsoantso izy, sy nitsambikina, ary nanatanteraka ny fanao ara-pivavahana rehetra izay azony natao teo; fa mbola tsy tao amin'izany foana Andriamanitra. Ary ny antony, sy ny tanjony, ary ny zavatra rehetra dia marina; saingy nandeha tamin'ny làlana diso izy niaraka tamin'izany. Hitanareo? Nanao ny hetsika ara-pivavahana rehetra izy; nikiakiaka, nihira, nanana an'ireo mpihira manokana, mpikiakiaka manokana, sy ny sisa hafa. Nandihy tao amin'ny fanahy izy ireo. Nanao ny zavatra rehetra izay ara-pivavahana izy ireo.

77 Izany dia zavatra tahaka an'ireo tafika masina lehibe antsika tamin'ny androntsika. Te-hahazo an'izao tontolo izao ho an'i Kristy izy ireo. Tsy misy ny zavatra tahaka an'izany. Fifohazana lehibe isam-pirenena, zavatra lehibe mitranga; raha mba fantatr'izy ireo fotsiny mantsy, fa efa lasa izany andro izany. Voaozona izy. Saingy izy ireo dia manorina, tafika masina, rafi-pandaminana, sy ny sisa. Fa, ny vokany dia saiky tahaka ny tamin'ny andron'i Davida, tsy nety ilay izy.

78 Mandeha isika ary manao fifohazana. Ny malazantsika, ny sasany amin'ireo evanjelistra malazantsika amin'izao andro izao, milaza izy ireo fa manana telo alina miova fo, ao anatin'ny herinandro enina; nefa herintaona aorian'izany, dia miverina,

tsy afaka mahita telopolo izy ireo. Misy zavatra tsy mety ao. Inona izany, zavatra mitovy amin'izay nataon'i Davida fotsiny izany. Manan-kaja malaza, lehilahy malaza, mpitory teny malaza, sekoly malaza, manam-pahefana malaza, nefa mbola manontany anaram-piangonana tranainy iray foana izy ireo raha tokony hijery manatrika ny Tenin'Andriamanitra ka hahita raha eo ilay vanim-potoana. Tsy afaka mampaniry hanina afa-tsy amin'ny fotoana iray amin'ny taona fotsiny ianareo.

79 Ankehitriny ndao jerentsika izay nitranga. Na dia ireo...Lehibe ny fihetseham-pon'izy ireo ara-pivavahana sy ny karazany, lehibe ireo fikasan'izy ireo, lehibe ny tafika masin'izy ireo, lehibe ny fihiran'izy ireo, lehibe ny fandihizan'izy ireo, lehibe ny fikiakiakan'izy ireo, lehibe ny mozikan'izy ireo, ary nanana an'ilay fiara izy ireo. Inona no mahatsara an'ilay fiara tsy misy an'Andriamanitra? Boaty hazo iray fotsiny izany, latabatra vato roa.

Izany dia tahaka ny mandray ny fandraisana, natao batisa. Inona no mahatsara ny vita batisa raha tsy nibebaka aloha ianareo? Inona no mahatsara an'izany, mandray ny fandraisana, lasa mpihatsaravelatsihy iray, raha tsy miaina an'ilay fiainana ianareo ka tsy mino ny sisa amin'ny Tenin'Andriamanitra? Maka ny ampahan'Izany, fa tsy ny sisa amin'Izany, izany no mampiseho fa misy zavatra tsy mety ao.

80 Ankehitriny, rehefa mitranga io rehetra io, ndao isika ankehitriny hijery hoe inona no mitranga rehefa Andriamanitra, sy ny Taonany ary ny Fotoany, no tsy hajaina; hevitr'olona fotsiny.

81 Olona maro no niteny tamiko hoe, "Nahoana ianao no tsy tonga eto ka manao fivoriana iray? Eny, miantso anao izahay. Soniavo *ity, itsy,* na ny *hafa*."

Miandrasa! Mety ho tianareo izany, saingy inona no lazain'Andriamanitra mikasika an'izany? Olona maro no niteny tamiko...Nahazo fanasana aho, nanana fihaonana aho, fihaonana manokana sy ny sisa, niandry nandritry ny herintaona. Miandrasa! Ahoana no hahafantarako izay ho lazaina raha tsy miteny amiko an'izay ho lazaina Andriamanitra? Hitanareo, tsy maintsy miandry! Izany no antony nilazako hoe, "Soraty izany. Avelao aho hahita an'izay Nolazainy." Hitanareo? Miandrasa! "Ireo izay miandry ny Tompo dia hanavao ny heriny." Marina ve izany?

82 Mariho, ireo mpisoron'io andro io ihany no nanontanian'izy ireo, ireo teolojiana, ireo anaram-piangonana. Ary mariho, tamin'ny fanaovana an'izany, manontany an'ireo mpisorona sy manontany ny fiangonana, manontany ny olona, dia diso ny nanaovan'izy ireo an'izany.

83 Mariho, ilay fiara dia ny Teny. Fantatsika fa marina izany. Satria, ilay fiara dia Kristy, ary Kristy no Teny. Hitanareo?

Ny fiara, na ny Teny, dia tsy napetraka tany amin'ny toerany voalohany, voatendry, voatendry tany am-piandohana. Oh, aza diso amin'ny fahazoana an'izany, ry fiangonana!

Tanteraka ny zavatra rehetra, ary toa tsara ny zavatra rehetra, toy ny hoe nisy fifohazana lehibe iray tonga; saingy satria diso tamin'ny fanontaniana an'ilay olona marina izy ireo mikasika an'izany! Nanontany ny mpisorona izy ireo, nanontany an'ireo manan-kaja, nanontany an'ireo teolojiana, nanontany an'ireo mpihira, ary nanao ny zavatra rehetra miaraka tamin'ny saina iray, sy rafi-pandaminan'ny miaramila lehibe iray, ary koa ireo—ireo—ireo tafiky ny firenena. Tao amin'ny firindrana ho an'ny fivoriana lehibe iray ny zavatra rehetra, saingy diso tamin'ny fanontaniana an'Andriamanitra izy ireo. Toy izany koa i Ahaba, toy izany koa ireo hafa. Fotoana iray toy ny inona!

84 Ankehitriny aza diso an'izao. Diso tamin'ny fahazoana an'izany izy ireo, satria tsy nanontany. Ary tamin'ny fanaovana an'izany. . . Diniho. Tamin'ny fandehanana nankany amin'ireo mpisorona, tamin'ny fandehanana tany amin'ireo teolojiana, sy tamin'ny fandehanana nankany amin'ireo tafiky ny miaramila, ka tsy nanaja ny irak'izy ireo izay nirahin'Andriamanitra ho an'ilay ora akory aza, Natana, dia diso no nanaovan'izy ireo an'izany. Nandeha izy ireo ary naka an'ilay fiara ka nametraka azy teo ambonin'ny sarety vaovao iray, nametraka azy teo ambonin'ny sarety vaovao iray, na, "anaram-piangonana iray izay hanomboka," fa tsy teo ambonin'izay nomen'Andriamanitra, ny fomba voatendry hitondra azy. Izany dia natao ho entina eo ambonin'ny soroky ny Levita. Saingy, hitanareo, rehefa diso no anombohanareo, dia mbola hitohy ho diso ianareo.

85 Raha ny bala iray no natao hahitsy eo amin'ny fikendrena iray, ka manetsika an'ilay fitifirana eo amin'ny iray amin'ny arivo eo ianareo, eo am-panombohana, any amin'ny zato yards dia tafiala efatra na dimy inches ianareo. Diso fanomboka ianareo.

86 O Andriamanitra, ampio izahay mba hahafantatra fa diso fanomboka io zavatra io, io tafika masina lehibe an'ilay ora io, ary araky ny iantsoana azy ireo. Tsy anontaniana mikasika an'izany Andriamanitra. Ireo mpisorona sy lehilahy mpivavaka no anontaniana. Ireo rafi-pandaminana no anontaniana. "Eny, te-hahazo an'*izao-sy-izao* ve ianareo? Mino aho, raha afaka mahazo ny olona rehetra hiaraka isika!" Aza maka ny olona rehetra hiaraka. Raiso fotsiny ny Tenin'Andriamanitra mikasika an'izany.

87 Avy eo dia hitantsika fa, rehefa manao an'izany izy ireo, inona no ataony? Mandeha hatrany manohy miaraka amin'ny fandaharam-pivavahany tranainy mihitsy izy ireo, izay

ivelan'ny Tenin'Andriamanitra sy ny sitrapon'Andriamanitra. Maty ilay zavatra, taona maro lasa izay, ireo zavatra maina fahiny an'ny taona maro lasa.

88 Maina izany tamin'ny andron'ny Tompo Jesosy. Tsy fantatr'izy ireo izany. Hoy Izy, "Raha nahafantatra an'i Mosesy ianareo, dia ho nahafantatra Ahy, satria nilaza i Mosesy fa ho avy Aho."

Hoy izy ireo, "Ny razanay nihinana ny mana tany an-efitra."

89 Hoy Izy, "Maty izy rehetra!" "Jamba," no Niantsoany azy ireo, ireo Fariseo, mpitarika fivavahana. "Raha tsy mino ianareo fa Izaho no Izy, dia ho faty ao amin'ny fahotanareo ianareo." Saingy tsy nanao an'izany izy ireo. Tafapetraka loatra tao amin'ny fombany izy ireo. Tsy maintsy nanana an'ilay izy tamin'ny fombany izy ireo.

90 Izany no fomba nanaovan'i Davida azy. Nataony tao amin'ny fombany ilay izy, hany ka hoy fotsiny izy hoe, "Fantatrareo ve izay hataoko? Handroso isika." Nanana fanambarana iray izy. "Handroso isika ankehitriny, noho izany dia hanao fomba iray vaovao isika. Efa lasa ireo andron'ny fahagagana, noho izany dia hanao rafi-pandaminana hafa iray ho antsika isika. Hanamboatra sarety vaovao iray isika, hampiseho fa nisy zavatra vaovao iray nanomboka." Faminaniana sandoka toy ny inona!

91 Tsy maintsy miverina any amin'ny fomba izay nolazain'Andriamanitra hanaovana azy ianareo. Napetrak'izy ireo teo ambonin'ny soroky ny Levita izany, ary teo ambonin'ny fo. Ilay fiara, ny Teny, dia tsy entina eo ambonin'ny anaram-piangonana vaovao iray, eo ambonin'ny foto-kevitry ny lehilahy iray, fa ao amin'ny fo. Tsy tokony hazonin'ireo anaram-piangonana ny Tenin'Andriamanitra; tsy maintsy hazonin'ny fon'ny olona iray Izany, izay hahafahan'Andriamanitra miditra ao ka hanambara ny Tenany. Ary raha ambarany araka ny Teny izany, dia Andriamanitra; raha tsy izany, dia tsy izy.

Ary, amin'izay fotoana izay, dia ny Teny ho an'io vanim-potoana io! Azo antoka, afaka milaza ny Fariseo iray hoe, "Iza no niteny taminay fa tsy afaka manao an'*ity* sy manao an'*itsy* izahay? Nanome anay an'ireo baiko ireo i Mosesy."

"Fa i Mosesy koa dia nilaza . . . "

Hoy i Satana hoe, "Nahoana, voasoratra hoe, 'Izy no hanome Ny Anj- . . . '"

92 "Fa voasoratra hoe koa," hoy Jesosy.

Ilay vanim-potoana, ilay fotoana! "Raha nahafantatra an'i Mosesy ianareo! Manana anankiray izay miampanga anareo ianareo, dia Mosesy. Raha nahafantatra an'i Mosesy ianareo,

dia ho nahafantatra Ahy," hoy Izy, "satria nanoratra ny Amiko i Mosesy. 'Ny Tompo Andriamanitrareo dia hanangana Mpaminany iray eo anivonareo, avy amin'ny rahalahinareo; Izy no hohenoin'izy ireo.'" Raha nahafantatra an'i Mosesy izy ireo, dia ho nahafantatra Azy.

93 Ankehitriny henoy, tsara, aza diso an'izao ankehitriny. Hitanareo, ny zavatra voalohany, rehefa nanontany an'ireo mpisorona izy ireo, nanontany an'ireo manan-kaja, nanontany ny miaramila, nanontany ny fiangonana rehetra, ny mpiara-monina, mba hikambana ho an'io fivoriana lehibe ho avy io, dia diso tamin'ny fanaovana an'ilay marina izy ireo. Tsy nanontany an'Andriamanitra izy ireo. Ary, tamin'ny fanaovana an'izany, tsy niverina tany aoriana ka nahita hoe fotoana inona ilay izy!

94 Oh, rahalahy, henoy. Fotoana inona no iainantsika? Inona ilay taona? Inona ilay ora izay iainantsika? Tsy fotoana ho an'ireo zavatra izay resahany ireo izao. Efa lasa izany. Antomotra ny Fitsarana ankehitriny. Mahita an'izany miseho ianareo. Tsaroanareo ve ilay vato teny an-tendrombohitra? Oran'ny Fitsarana! Tsaroanareo ve ilay fanambarana, na ilay fahitana ny amin'ny Ampakarina? Hazòny eo amin'ny famindrana fotsiny Izy. Aza avela hiala amin'ny famindrana Izy.

Mariho, "Eo ambonin'ny sorok'ireo mpisorona!"

95 Ary i Davida sy ireo mpisorona rehetra, izay tena tokony hahafantatra tsaratsara kokoa, saingy inona ilay izy? Tokony nahafantatra tsaratsara kokoa ireo mpisorona. Ireo mpanora-dalàna, teolojiana, dia tokony nahafantatra tsaratsara kokoa, satria ny Teny no nilaza mba tsy hanao an'izany.

96 Ary amin'izao andro izao dia te-hilaza izy ireo hoe, "Oh, Jesosy Kristy dia tsy ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Fifandraisana ara-tsaina izany. Izany dia *ity, itsy,* na ny *hafa.*" Diso tamin'ny fahitana ny Teny nampanantenaina izy ireo. "Oh, andro iray efa lasa izany."

Hoy i Davida hoe, "Oh, eny, andraso iray minitra ankehitriny. 'Eo ambonin'ny sorok'ireo—ireo mpisorona,' efa tany aoriana tany izany rehefa nivoaka i Mosesy. Azo antoka, isika, isika dia hametraka azy eo ambonin'ny sarety vaovao iray amin'izao andro izao. Nahazo ny fanambarana ny amin'izany aho."

97 Hoy ireo mpisorona hoe, "Amena, ry Davida!" Hitanareo, voataonan'ny fiombonambe ekiomenikany, ka tsy maintsy hiaraka izy ireo ary hanao an'izany amin'*ity* fomba ity sy *itsy* fomba itsy, izany no nahatonga an'ireo mpisorona ho tafintohina. Tsy nanontany an'ilay olona marina mihitsy izy ireo. Tsy marina no nanaovan'izy ireo an'ilay izy, noho izany dia tratry ny olana izy ireo. Hia.

98 Matahotra aho, ao amin'ireo zavatra marobe amin'izao andro izao . . . Rehefa ny mpampianatra malaza iray, anankiray amin'ireo malaza indrindra an'ny Pentekotista, no nijoro teo anatrehan'ilay vondrona mpivavaka indray hariva tany Chicago. Izaho no natao hanao an'io fivoriana io niaraka tamin'ny Business Men; saingy nihevitra aho fa ho any Afrika tamin'io fotoana io, fa tafaverina mihitsy talohan'ny andro nanombohany. Ary nifidy Pentekotista malaza iray manam-pahaizana izy ireo, ary nitsangana izy ka niteny tamin'izy ireo fa zavatra iray avy tamin'Andriamanitra ny hetsika ekiomenika. Ary nolazainy fa hiverina izy rehetra ireo, na ny fiangonana Katolika aza dia tsy maintsy hiverina ao amin'ny toerany tany am-piandohana, ny rehetra hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ho porofo, sy ny sisa. Ary tsy nahafantatra fa izany no fandriky ny devoly!

99 Ary ny lehilahy iray izay tsy fantatro . . . Matetika ianareo dia mamboly voa; tsy fantatrareo izay hitranga. Fa ilay filohan'ny Full Gospel Business Men, vantany vao nipetraka ilay mpikabary malaza, dia hoy izy hoe, "Izaho tsy mirona hilaza zavatra manohitra an'ireo mpikabarintsika, saingy tsy izany no nolazain-dRahalahy Branham fa hitranga. Fa nilaza izy hoe izany no hitarika ho eo amin'ny mariky ny bibidia."

Hoy izy hoe, "Saingy tsy fantatr'i Rahalahy Branham izay lazainy."

Hoy izy, "Izahay dia . . . mino fa fantany." Hitanareo?

100 Ary tany Chicago, hoy izy ireo, "Firy eto no tia ny hahatongavako ka hanomezako ny hevitro ny amin'izany?" Nanomboka niantsoantso sy nikiakiaka izy ireo.

Hitanareo, mamboly voa ianareo; tsy fantatrareo izay hitranga. Manohiza manaparitaka an'ilay Voa fotsiny. Rehefa tonga ilay ora, ny sasany amin'izy ireo dia . . .

101 Tahaka an'i Tomasy, izy no saiky hany farany nahita ny Tompo. Fa, tsy maintsy nahita Azy izy, mba hino Azy. Hitanareo, rehefa hitan'izy ireo mitranga izany. Oh, tonga i Tomasy, saingy tara kely izy.

102 Ankehitriny rehefa hitan'izy ireo fa ireo zavatra izay voalaza mialoha, ka milaza ny HOY NY TOMPO HOE, dia mitranga, amin'izay fotoana izay hoy izy ireo hoe, "Omeo kely amin'ny Solikareo izahay." Hitanareo?

103 Fa mariho ankehitriny, ny fitaomana. Matetika ireo zalahy lehibe no mikambana. Mandre azy ireo ianareo manao hoe, "*Ranona-sy-ranona* lehibe, sy *Ranona-sy-ranona* lehibe, ny lehibenay . . . " Aza manao an'izany mihitsy.

Tsy misy anankiray lehibe eto anivontsika. Tokana ihany no Anankiray lehibe, ary Andriamanitra izany. Mpirahalahy isika, mpirahavavy. Tsy ahoako raha mitandrina fiangonana

iray izay misy olona dimy ianareo ao anatiny, tsy manao anareo ho kely izany; manao anareo ho rahalahy iray izany, hitanareo, raha marina amin'ny Tenin'Andriamanitra ianareo. Aza manahy hoe inona, ahoana; tsy lasa kely ianareo. Andriamanitra tsy manana zanaka kely sy zanaka goavana. Manana zanaka fotsiny Izy. Mitovy izy rehetra.

104 Mariho, Andriamanitra Izy tenany no tonga avy teo amin'ireo lapa ivoara an'ny Voninahitra, mba ho lasa isantsika. Ankehitriny iza no anankiray goavana? Naka. . . Tsy hoe nidina teto mba haka ny endriky ny mpisorona iray, fa mpanompo iray. Nanasa an'ilay tena tanimanga izay Noforoniny mihitsy, ny tongotr'ireo Apostoliny sy ireo hafa. Ankehitriny iza no lehibe?

105 Fa voataona, izany ireo lehilahy ireo. Tsy nahazo izy ireo. Nihevitra izy ireo fa hisy zavatra vaovao hitranga, tsia, zavatra izay tsy nolazain'Andriamanitra fa hitranga. Fomba diso no nanomboan'izy ireo an'ilay izy.

Izany io hafanam-po rehetra io, rehefa ny. . . nanomboka tany aoriana be tany, efa ela be, ny anaram-piangonana tsirairay dia tsy maintsy nanana mpanasitrana avy amin'Andriamanitra iray; ny anaram-piangonana tsirairay dia tsy maintsy nanana an'*ity, itsy,* na ny *hafa*. Ny anaram-piangonana tsirairay dia tsy maintsy nanana Davida kely iray. Ny tsirairay avy dia tsy maintsy nanana an'*ity, itsy,* na ny *hafa*. Hitanareo ve izay nitranga? Nanao an'ilay zavatra iray ihany izay nataony eto izany. Zavatra iray ihany. Ny fitaomana!

106 Ny Teny ho an'ilay vanim-potoana, ny fotoana izay niainan'izy ireo, dia nodiana tsy fantatra.

107 Mariho, "ny soroky ny Levita," no tany am-piandohana, fomba nomanin'Andriamanitra amin'ny fanaovana an'ireo zavatra ireo. "Ento eo ambonin'ny soroky ny Levita ilay fiara." Mifanohitra ny zavatra rehetra ankoatran'io. Izay Nolazainy, dia izany no Tiany ho lazaina. Tsy afaka miova Andriamanitra. Izany ilay antony, mijanòna miaraka amin'Ny Teniny! Manana ny Soratra aho, hia, Tantara Voalohany 15:15, raha te-handray naoty an'izany ianareo. Mariho.

108 Mariho ankehitriny, eo, eo am-panarahana an'Andriamanitra. Ankehitriny tiako ianareo hametaka kely an'izao ao an-tsainareo. Mitandrina an'ireo didin'Andriamanitra, manao ny zavatra marina rehetra ho an'Andriamanitra, manao—manao asa iray marina ho an'Andriamanitra, misy fepetra dimy, hanaovana ny asan'Andriamanitra marina.

109 Ankehitriny nanao asa iray ho an'Andriamanitra i Davida. Nanao ny zavatra rehetra izay fantany hatao izy, saingy nanadino an'Andriamanitra. Hitanareo? Nanao ny zavatra iray izay marina izy, zavatra iray tsara tamin'ny olona, zavatra iray tsara tamin'ny fiangonana.

110 Fa misy fepetra dimy. Tiako ianareo hahatsiaro azy ireo. Tsy mampaninona na mety ho tso-po toy ny ahoana ny lehilahy iray eo am-panaovana an'ilay izy, manao asa iray ho an'Andriamanitra, io, tsy maintsy eo ireto dimy ireto.

Voalohany, tsy maintsy ny Fotoany no hanaovana azy.

111 Ahoana moa raha—raha tonga i Mosesy, nanao hoe, "Hanamboatra sambofiara iray isika ka hitsingevana ao Neily, tahaka ny nataon'i Noa"? Ny fotoan'i Noa dia nety tsara ho an'ilay sambofiara, fa tsy ho an'ny fotoany.

112 Ahoana moa raha tonga Jesosy, nanao hoe, "Ankehitriny dia ho Lazaiko aminareo izay hataontsika. Hiakatra eny an-tendrombohitra fotsiny isika, tahaka ny nataon'i Mosesy, ary hahazo fanambarana vaovao iray ny amin'ireo lalàna"? Hitanareo? Hah-ah! Izy io lalàna io. Hitanareo?

113 Tsy maintsy ao amin'ny Fotoany ianareo. Tsy maintsy ao amin'ny Vanim-potoany ilay izy. Azonareo ve izany ankehitriny? Tsy maintsy ao amin'ny Fotoany. Tsy maintsy ao amin'ny Vanim-potoany ilay izy, fotoana sy vanim-potoana.

114 Ary tsy maintsy mifanaraka amin'Ny Teniny izay efa voalaza ilay izy. Tsy maintsy izany. Tsy ahoako na tsara toy ny ahoana aza no hilazanareo fa tokony hisy an'*ity*, na tokony hisy an'*itsy*, na tokony hisy an'*ity*. Tsy maintsy mifanaraka amin'Ny Teniny ilay izy; mifanaraka amin'ny Fotoany sy ny Vanim-potoany.

Ary izany dia tsy maintsy nomena mifanaraka, amin'ilay olona izay Nofidiany hanao an'ilay izy.

115 Tsy ahoako na firy aza ireo manan-kaja. Teo i Davida mpanjaka, lehibe mihitsy noho izy rehetra ireo. Izy no mpanjaka teo amin'ny firenena. Fa nanana fomba iray nanaovana azy Izy, ary Izy no efa niteny tamin'izy ireo hoe ahoana no Hanaovany azy. Saingy diso tamin'ny fanaovana azy izy ireo.

116 Tsy maintsy mifanaraka amin'Ny Teniny ilay izy; mifanaraka amin'ny Fotoany, mifanaraka amin'ny Fandaharany.

117 Ary tsy maintsy amin'ny alàlan'ilay olona izay Nofidiany omena azy sy hanao azy izany. Niezaka ny nandositra an'izany i Mosesy hoe, "Makà olon-kafa." Saingy Andriamanitra no nifidy an'i Mosesy hanao an'ilay izy. Maro amin'izy ireo; i Paoly dia niezaka ny hiala tamin'izany; ireo maro hafa. Fa tsy maintsy amin'ny alàlan'ilay anankiray izay Fidiany hanao azy izany.

Ary izany dia tsy maintsy tonga, voalohany, amin'ireo Mpaminaniny. Tsy maintsy tonga amin'ireo Mpaminaniny ny Tenin'Andriamanitra. Amosa 3:7, "Tsy hanao na inona na inona ny Tompo Andriamanitra raha tsy manambara an'Izany amin'ny mpaminany Mpanompony aloha Izy." Efatra.

118 Ary ilay mpaminany dia tsy maintsy voamarin'ny Tenin'Andriamanitra.

119 Ireo ny fepetra diminareo. Tsy maintsy ho tahaka an'izany ilay izy. Ny Fotoany, ny Vanim-potoany, rahoviana no Nilazany fa hisian'izany; sy ilay olona izay Nofidiany; ary tsy maintsy tonga amin'ny mpaminany izany; ary ilay mpaminany dia tsy maintsy mpaminany voamarina iray. Mahita isika, maro amin'izy ireo ao amin'ny Baiboly, fa tonga tamin'ireo mpaminany izany nefa tsy voamarina ilay izy. Ny Mpaminanintsika dia Jesosy Kristy.

120 Noho izany mariho ankehitriny, hitanareo, Andriamanitra tsy nanambara an'ilay zavatra tamin'izy ireo tamin'ny alàlan'ny Fombany voaomana hanaovana azy. Ny fomban'i Davida no neken'izy ireo. Ny fomban'ireo mpisorona no neken'izy ireo. Ny fomban'ireo mpanora-dalàna no neken'izy ireo, ny an'ireo teolojiana, fa tsy ny fomban'Andriamanitra. Natana-ela, dia, izy no mpaminanin'io andro io. Taty aoriana, dia niteny tamin'izy ireo ny fanaovana azy i Natana-ela. Saingy, hitanareo, nataon'izy ireo ilay izy nefa tsy nanontany an'i Natana-ela. Tsy misy teny anankiray mihitsy milaza fa nanontaniana i Natana-ela. Ny fitaomana rehetra, ny zavatra lehibe izay niseho! Ary, oadray, mieritreritra an'ilay hira aho hoe, "Avelao, tehirizo . . . "

> Ampio aho, Tompo, rehefa miredareda ireo fo,
> Avelao aho hampietry ny fireharehako (mba handeha hiaraka amin'ny sisa amin'izy ireo), miantso Ny Anaranao fotsiny;
> Ampianaro aho tsy hiantehitra amin'izay ataon'ny hafa,
> Miandry am-bavaka fotsiny ny valiny iray avy Aminao.

Hitanareo, tahaka an'izany ilay izy. Avelao aho hahita an'izay mitranga amin'ny fomba marina, amin'izay fotoana izay dia inoana ilay izy.

121 Ankehitriny, Andriamanitra dia nanambara an'ilay zavatra tamin'izy ireo tamin'ny alàlan'i Davida, sy tamin'ny alàlan'ireo mpitoriteny, sy tamin'ny alàlan'ny olona, sy tamin'ny alàlan'ireo mpifehy arivo, ary ireo mpifehy zato, fa tsy tamin'ny alàlan'i Natana-ela izay nanana ny HOY NY TOMPO HOE. Ary ny Tompo no nilaza fa tsy hanao na inona na inona Izy raha tsy Nasehony an'io mpaminanin'ilay taona io, aloha, izay hatao. Hitanareo ve izay nataon'izy ireo? Nivoaka tamin'ny Tenin'Andriamanitra avy hatrany izy ireo, nandeha ary nametraka an'ilay fiara teo ambonin'ny sarety vaovao iray. Hitanareo? Noho izany dia nandeha izy ireo nanao an'ilay izy tany ankoatry ny didin'Andriamanitra sy ny fomban'Andriamanitra voaomana.

Ary izany no nitranga amin'izao andro izao, ry sakaiza. Izany no antony nananantsika tafika masina lehibe maro, sy ny sisa, nefa tsy misy vokany. Tsy fahatokiana betsaka,

fahotana betsaka, betsaka...Lazaiko aminareo, vita ity firenena ity; tsy ity firenena ity ihany, fa ireo firenena hafa. Ity firenena ity, tahaka an'i Angletera tamin'ny taona hafa iray, no mpijangajanga amin'ny firenena sisa rehetra.

122 Any Mozambique any, valopolo sy efajato maily miala amin'ny fandrosoana, any anaty ala, ireo ankizy beatnik dia mihaino an'i Elvis Presley, manetsiketsika ny lohany sy miantsambotsambotra ambony-sy-ambany tahaka an'izao, mandritry ny alina manontolo, miaraka amin'ny ankalana...Na, fitaovana kely tahaka an'izany izay hisintona avy any amin'ny arivo maily, hatrany Rhodesia mihitsy, mba hahazo an'i Elvis Presley. Kanefa dia hoy izy ireo hoe, "Tena mpivavaka izy, izy sy Pat Boone, ary izy ireo." Nahoana, izany no Jodasin'ilay ora, nefa tsy fantany izany. Izany ilay ampahany ratsy, mino izy ireo fa izy ireo dia—izy ireo dia marina.

Tsy nilaza tamin'io Taonan'ny Fiangonana Laodikiana io ve Jesosy hoe, "Ianao dia mitanjaka, mahantra, ory, jamba, nefa tsy fantatrao izany"? Tsy fantatrao izany!

123 Eny, ireo ankizy Pentekotista any Afrika sy ny manodidina any, dia manao hoe, "Eny, Elvis Presley, izy no mihira ny tsara indrindra izay hany renareo." Tsy isalasalana fa izany no nataon'i Davida, ihany koa; tsy isalasalana fa izany no nataon'ireo mpihira, saingy izany no nahatonga ny fahafatesana handona an'ilay toby. Hitanareo ve hoe aiza izy ireo, aiza no misy azy ireo amin'izao andro izao, ry sakaiza?

124 "Ny soroky ny Levita," no fomban'Andriamanitra tany am-boalohany hanaovana an'ilay izy. Nefa izy ireo nametraka an'izany teo ambonin'ny sarety vaovao iray. Ankehitriny, tsy hety mihitsy izany. Tsy nanontany an'ilay fomba marina izy ireo. Hitanareo? Noho izany dia nivoaka izy ireo, mikasika an'izany, ary nanao an'ilay izy tamin'ny fomba diso.

125 Ary izany no nitranga amin'izao andro izao. Rehefa ireo lehilahy, tsy mampaninona na tso-po toy ny ahoana aza, no miezaka manao asa iray ho Azy ivelan'ny fomba Voaomany amin'ny fanambarana an'ilay izy, dia manakorontana an'izany foana izy ireo. Mametraka an'ilay izy amin'ny Fombany Andriamanitra. Ry lehilahy, tsy mampaninona na tso-po toy ny ahoana aza, raha miezaka manao an'ilay izy ankoatran'io ianareo, ianareo—ianareo dia hanakorontana an'izany.

126 Zavatra iray tahaka an'i Balama, tamin'ny andron'i Balama. Andriamanitra dia niteny tamin'i Balama, ilay mpaminany. Mpaminany iray izy, ny mpaminany Balama. Mpaminany iray izy, ary tonga taminy marina tokoa ny Teny, nanao hoe, "Aza mandeha mankany. Voafantiko io. Safidiko io."

Ary nandeha niaraka tamin'ireo manan-kaja i Balama, ireo lehilahy miaramila, ireo mpitory teny, ireo lehilahy voataona, ka nanao hoe, "Eny, izaho dia—izaho dia hiteny aminareo, ilay mpanjaka dia . . . "

Hitanareo, modely iray amin'i Davida mihitsy, modely iray amin'izao andro izao. Raiso ao amin'ny tandindona fotsiny ny zavatra rehetra, dia ho hitanareo ilay izy. Hitanareo ve ilay izy? Manaova, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hitanareo, hitanareo, mitovy mihitsy ilay izy ankehitriny.

127 Fa ireo mpitondra fivavahana dia nilaza, ireo—ireo—ireo mpisorona dia nilaza, ireo mpanora-dalàna dia nilaza, ireo teolojiana dia nilaza hoe, "*Ity* no fomba natao hanaovana azy." Saingy, tsy izany ilay izy, ary izany no manaporofo fa tsy izany ilay izy.

128 Ary niteny tamin'i Balama Andriamanitra, ary mpaminany iray izy, aloha, niteny taminy Izy hoe, "Aza mandeha mankany."

129 Saingy ny fitaoman'ireo lehilahy hafa ireo no nahatonga azy hanao an'ilay izy hifanohitra tamin'izay nolazain'Andriamanitra hanaovana azy, ary lasa ozona iray izany raha tokony ho fifohazana. Oh, azo antoka, nandeha tany izy ary nampianatra ny olona, nanao hoe, "Ankehitriny andraso! Mba fantatrareo moa?" Hoy izy, "Isika dia—isika dia Moabita. Tsarovinareo, ny zanakavavin'i Lota no mpanjakavavintsika. Izy no fiandohantsika. Rà iray isika rehetra. Isika rehetra dia . . . Isika anaram-piangonana rehetra dia mitovy." Aza mifangaro amin'io zavatra io. Mialà lavitra avy eo. Hitanareo? Noho izany hoy izy hoe, "Mitovy isika rehetra. Nahoana, tahaka ny oloko ny olonao. Afaka mifanambady isika, ny anankiray eo anivontsika, mba hahafahantsika hanana ny tena fiombonambe ekiomenika iray. Hitanareo? Afaka mivory miaraka isika rehetra ka hiverina any amin'ilay zavatra tany am-piandohana indray."

Andriamanitra efa nanozona an'ilay zavatra. Tsy navela mihitsy io fahotana io ho an'ny Isiraely. Nijanona teo amin'izy ireo izany tamin'ny androm-piainany sisa. Tsy navela mihitsy izany. Levona tany an-efitra niaraka amin'izany izy ireo. Marina izany. Satria tsy naka an'ilay fomban'Andriamanitra voaomana izy ireo tamin'ny alàlan'ny Fombany voamarina hanaovana azy.

130 Mariho, io zavatra izay nataon'izy ireo io no nahatonga ny Isiraely ho faty tamin'ny fahafatesana, tany an-efitra. Ary hoy Jesosy hoe, "Levona ary vita ny tsirairay avy amin'izy ireo." Diniho hoe iza no nitsangana niaraka tamin'i Mosesy tany, Josoa sy Kaleba, tao amin'ilay—tao amin'ilay fandaharana.

131 Mariho indray, i Davida eto, izay nataony. Ary rehefa nanao izy, inona no nataon'izany? Izany dia nahatonga ny fahafatesana hamely olona tso-po iray.

Ankehitriny, ataoko fa mbola mifandray isika, ary tiako handre ianareo manerana ny firenena.

Io zavatra izay nataon'i Davida io, tsy nanontany an'i Natana-ela sy nandray ny Tenin'ny Tompo ho an'izany, dia izany no nahatonga ny fahafatesana hamely olona tso-po. Eny, tompoko. Narosony ny tànany, izay efa niaina teo amin'ny fanatrehan'ilay fiara; izany dia nivoaka avy tao amin'ny—ny tranony. Ary tafintohina ilay omby, ka nianjera ilay fiara.

132 Efa nanao zavatra anankiray diso izy ireo, zavatra roa diso. Voalohany, tsy nanontany an'i Natana-ela mihitsy izy ireo. Ny zavatra manaraka nataon'izy ireo, dia nandeha teo nefa tsy nanontany ny Tenin'Andriamanitra. Nefa, ny . . . Samoela no Teny tamin'io andro io . . . Fa tsy nanontany ny Tenin'ny Tompo mihitsy izy ireo. Noho izany, rehefa nanao izy ireo, dia nandeha nifanohitra tamin'ny Tenin'Andriamanitra.

Ary teo io lehilahy tsara io, izay efa mpikarakara, eveka iray izy, nieritreritra hoe, "Eny, indro, tsy te-hamela an'Andriamanitra hianjera aho," noho izany dia napetrany teo amin'ilay fiara ny tànany. Nefa, tsy Levita iray izy, ary maty. Zavatra telo!

133 Ankehitriny eritrereto mafy mihitsy izany, ary diniho izay nataon'ireo anaram-piangonana amin'izao andro izao. Hitanareo, nolavin'izy ireo Izany, niantso an'Izany ho "foto-pampianarana sandoka." Hitanareo? Jereo hoe aiza no misy azy ireo izao. Hahazo an'ilay fiombonambeny ekiomenika izy ireo, tena tsara. Niantso an'Izany ho "fifandraisana ara-tsaina," nefa Andriamanitra Izy tenany no manamarina Azy ho ny Fahamarinana, ary manaporofo Azy ho ny Fahamarinana. "Oh, andian'adala kely iray fotsiny izy ireo any," hoy izy ireo, "tsy mahafantatra izay lazainy."

Marina izany, tsy mahafantatra izahay. Fa milaza fotsiny Ny Teniny izahay, ary Izy no mahafantatra izay Lazainy, hitanareo. Tsy afaka manazava an'Izany aho, tsy misy olon-kafa afaka, fa Izy—Izy—Izy no manaporofo an'Izany.

134 Mariho ankehitriny. Maro ny mpino tso-po amin'izao andro izao, izay manatona an'i Kristy, te-hanatona amin'ny fony rehetra, no maty ara-panahy tahaka an'izany. Lehilahy tso-po maro no mandeha any amin'ny fiangonana Katolika ka te-ho lasa Kristiana iray, mandeha any amin'ny Metodista, ny Batista, fiangonan'i Kristy, ary na dia ireo Pentekotista aza, hitanareo, ary te-ho lasa Kristiana iray, mametraka ny tànany eo ambonin'izany, mikambana amin'izy ireo.

135 Ary rehefa nahitan'io zavatra io nitranga i Davida, dia izany no namoha azy. Aza tara loatra vao mifoha ianareo any, ry rahalahy. Hitany fa namely io fahafatesana io.

Asehoy ahy ireo vokany. Inona no nataon'io mody antsoina hoe fifohazana io, izay namerina ny olona ao amin'ireo fiangonana, tamin'ny firenena, tamin'ny—tamin'ny vatan'ireo mpino? Tsy misy afa-tsy nanao rafi-pandaminana vaovao sy anaram-piangonana, hatrany foana, mambra betsaka sy ny sisa. Tsaratsara kokoa ve ilay firenena? Nilaza izy ireo fa izy ireo dia hanao . . .

136 "Amerika. Andriamanitra hitahy an'i Amerika. Izy dia—izy dia firenena iray, izy dia firenena Kristiana iray."

Any amin'ny iray tapitrisa maily amin'ny maha-firenena Kristiana iray izy. Tsy mivavaka ho azy akory aza aho. Ahoana no ahafahako hivavaka ho azy, nefa izy tsy hibebaka eo ambanin'ireo hery lehibe an'Andriamanitra voaseho teo anoloany; ary mandà, sy manakatona an'ireo varavarana amin'Izany, ka manalavitra? Mametraka azy amin'Andriamanitra aho. Fa mbola miha-manalavitra kokoa izy. Ary ankehitriny dia hilentika izy. Diniho fotsiny izay mitranga.

137 Olona tso-po maro no mandeha mikambana amin'ny rafi-pandaminana iray, na vondrona iray, na karazana fombam-pivavahana iray, ary maty ao izy ireo, ara-panahy. Tsy afaka miteny na inona na inona amin'izy ireo ianareo. Manana an'io karazan-javatra io izy ireo mandoaka ao anatiny, "Nahoana, ireo eveka ireo no niteny an'izany. Ary *ity* niteny an'ity, *ity* niteny an'ity." Asehonareo azy mihitsy eto ao amin'ny Tenin'Andriamanitra izay misy ny HOY NY TOMPO HOE. "Fa ny pasiteranay . . . "

Tsy ahoako izay lazain'ny pasiteranareo, tsy ahoako izay lazaiko, na izay lazain'olon-kafa. Raha mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra voamarina ilay izy, ny ora, ny fotoana, ny Hafatra, sy ny sisa, dia adinoy izany. Alaviro izany. Ary tsy maintsy hijoro eo anatrehan'ny tsirairay avy aminareo aho amin'ny Andron'ny Fitsarana, ary fantatrareo izany. Ary ny hilazako kely an'izany, dia ny fahafantarana fa lehilahy antitra iray aho ankehitriny. Izaho dia . . . Ilay izy tsy hoe izaho no mahafantatra zavatra, fa Izy no mahafantatra. Manaraka fotsiny an'izay Nolazainy aho.

138 Jereo amin'izao andro izao ireo tafika masina goavana izay ananantsika manerana ny firenena. Efa voaporofo izany fa foana ilay izy. Ary tsy niteny ve Jesosy eto ankehitriny, Lioka 7:7 hoe, "Foana ny ivavahan'izy ireo Amiko"? Foana ny nitondran'i Davida an'ilay fiara. Foana ny nanofanan'i Ahaba an'ireo mpaminany ireo. Foana ny nakan'i Balama an'io vola

io. "Mampianatra didin'olombelona ho Foto-pampianarana." Ilay izy dia ireo didin'Andriamanitra no mikaonty, tsy mampaninona na tso-. . .

139 "Tena tso-po tokoa ireo olona ireo." Mandre betsaka an'izany ianareo hoe, "Tena tso-po izy ireo." Tsy midika na inona na inona izany. Vavolombelon'i Jehovah, Adventistan'ny andro Fahafito, sy ireo fombam-pivavahana rehetra ireo, dia mivoaka eto an-dàlambe eto ka manao an'ireo zavatra izay tsy ataon'ny iray amintsika. Mitsangana eny amin'ny kihon-dàlana ireo Katolika ka mangataka, sy ny sisa, ireo didiny tahaka an'izany, ary manana lavitrisany sy lavitrisany sy lavitrisany dolara, nefa mbola mangataka an'izany ihany. Tso-po, tsy isalasalana. Mandeha ireo fiangonana ary—ary mitory teny, sy ny sisa, ary mijoro eo amin'ny polipitra ireo mpitoriteny ka manao ny zavatra rehetra izay vitany mba hahazo mambra vaovao ao amin'ny fiangonany; fa tsy fiara vaovao iray izany.

Fiara tokana ihany no arahina, izany dia, ny Tenin'Andriamanitra. Ny zavatra rehetra mifanohitra amin'io Fiara io, dia alaviro izany! Eo ambonin'ny sarety vaovao iray izany, fa tsy eo ambonin'ny sorok'Andriamanitra. Marina. Alaviro ilay zavatra. Aza manao na inona na inona amin'izany.

140 Ireo tafika masintsika lehibe, an-davitrisany sy an-tapitrisany no nanao fiaikena. Ary misalasala aho raha hisy zato amin'izy ireo, avy amin'izany rehetra izany. Hitanareo, tsy misy dikany izany.

Amin'izay fotoana izay dia jereo ny teny fikasan'ny Teny.

141 Hihevitra ianareo fa diso izany, ary fantatsika fa diso izany. Ny sasany amin'ireo—amin'ireo mpanao fifohazana malazantsika indrindra eto amin'ny firenena amin'izao andro izao dia milaza fa diso tanteraka mihitsy izany. Mahafantatra ny fiangonana fa diso izany. Mahafantatra ny olona rehetra fa diso izany. Eny, nahoana izany? Nahoana no diso izany?

Izany dia ho an'ny tanjona tsara iray. Izany dia tokony hitondra ny olona ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, ireo tafika masina malaza ireo. Ary olona an-tapitrisany no mandany ny volany, ka mametraka an'izany ao amin'ireo tafika masina malaza. Ary mandeha miaraka ireo fiangonana, toera-malalaka lehibe, sy ireo zavatra lehibe, ary zavatra lehibe no niseho. Nahoana no diso izany? Satria tsy fantatr'izy ireo mihitsy ilay ora izay niainany.

Tsy mahagaga raha nitsangana Jesosy, ary nitomany tao am-Pony Izy. Niraraka tamin'ny Tavany ny ranomaso, ary hoy Izy hoe, "Ry Jerosalema, O ry Jerosalema, impiry moa Aho no te-hanomba anao tahaka ny hanomban'ny reniakoho ny zanany. Ianao no nitora-bato ny mpaminany rehetra izay Nirahiko ho aminao. Saingy tsy nety ianao. Fa ankehitriny dia tonga ny oranao."

142 Tsy mety ho tsapanareo ve ny Fanahy Masina miantsoantso avy ao anatinareo? "Oh, ry Etazonia sy izao tontolo izao, impiry moa Aho no te-hanangona anareo, saingy tsy nety ianareo. Ankehitriny dia tonga ny oranareo. Ny andriamanitry ny fahafinaretanareo, ny andriamanitry ny fahalotoanareo, ny andriamanitr'i Sodoma sy Gomoranareo, no tonga eo anivonareo." Na ireo ankizy kelinareo aza, ireo taovolon'ny beatle sy ireo sanga manerana ny tarehiny, ary ireo fanimbana kely izay manomboka. Vita ny amin'ireo vehivavintsika. Any ivelan'ny fanavotana izany. Lasa sarimbavy be ireo lehilahintsika, mandeha miaraka amin'ny pataloha kely, fohy, sy manao tahaka ny zazavavy iray, ary ny volo mihantona midina amin'ny tendany. Ary Sodomita isika, ka miandry antsika ny afo sy ny fahatezeran'Andriamanitra.

143 Fantatrareo ve hoe ahoana no Hamonoany, ahoana no Handravany an'izany? Tahaka an'izay Nataony foana ihany. Rehefa nanao zavatra ratsy ny mpivarotena iray, dia notoraham-bato ho faty izy; naka vato izy ireo mba hamonoana an'ilay vehivavy izay mpivarotena iray. Toy izany no Hamonoany an'ilay fiangonana. Ny Baiboly no nilaza fa handraraka havandram-bato avy any an-danitra Izy, izay hilanja zato livatra ny iray, ary hitoraka azy ireo Izy. Iza no hampijanona Azy? Siansa inona no hilaza fa tsy mety ho vita izany? Hataony izany.

Mitovy amin'izay Nanaovany sambofiara iray ka nampitsingevana an'i Noa ho voaaro, no Hanaovany an'izany indray ho an'Ny Fiangonany.

Ary amin'ny alàlan'ireo Lalàny Manokana sy ny Fombany Manokana, no Hitorahany an'io mpivarotena izay nijangajanga tamin'ireo mpanjaka sy mpifehy zato sy arivo ireo. Hotorahany ho faty izy, amin'ny alàlan'ireo Lalàny Manokana izay Napetrany tao amin'ny lamina. Iza no hiteny Aminy fa tsy afaka manao havandram-bato Izy?

144 Manontania olona iray izay mahafantatra hoe ahoana no anombohan'ny teten-dranonorana iray. Fa manao faribolana iray izy, ary mandalo ao amin'ny zava-mihodina iray; maka betsaka sy betsaka ary betsaka, mandra-pahazoany lanja iray, ary avy eo dia milatsaka izy.

Izy, Andriamanitra, Izay . . . ny herim-pihazonana aza dia tsy afaka nahatazona Azy akory teto an-tany, fa niakatra hatrany An-danitra Izy. Andriamanitra, Izay nanao ny herim-pihazonana, dia afaka manao zava-mihodina iray tena lehibe hampisavilivily vato iray mandra-pahatonga azy hilanja zato livatra. Izy no nilaza fa Hataony izany, ary Hataony izany. Iza no hiteny Aminy tsy hanao an'izany? Hataony izany, satria Izy no nilaza fa hanao Izy.

145 Ao amin'ny andro farany isika. Mitsangana eo akaikin'ny fitsarana isika. Nahoana? Miezaka ny mihinana mana tranainy izay nilatsaka tany amin'ny dimampolo taona lasa tany aoriana tany izy ireo, ilay fiangonana Pentekotista. Ny fiangonan'ny Fahamasinana dia miezaka ny mihinana, ny tany amin'ny roanjato taona lasa. Ireo Loterana, eo amin'ny telonjato taona, na mihoatra, lasa, an-jato taonany maro lasa. Miezaka mihinana mana tranainy izy ireo. Oh, rahalahy, efa nihandrona io karazan-javatra io. Efa lò izany. Izany dia...Izany dia efa—izany dia efa...Nahoana, niteny foana aho fa, tsiboboka no ao anatiny, olitra. Hamono anareo izany, ny mihinana an'izany.

146 Jereo fa raha mba nanontany an'ilay Mofon'io ora io fotsiny mantsy i Davida na ny anankiray tamin'ny sisa tamin'izy ireo.

Raha ireo mpisorona, sy mpaminany, sy mpitory teny, sy teolojiana, sy sekoly, ary anaram-piangonana ireo, no mba nanontany fotsiny an'ilay ora! Saingy ankehitriny tsy hahasoa azy ireo izany. Efa lasa izany. Tsy hahavita na dia kely aza izany. Vita ny aminy ankehitriny. Niampita an'ilay tsipika izy teo amin'ny dimy taona lasa izay, teo anelanelan'ny fibebahana, fitsarana sy famindrampo.

147 Mariho, inona àry izany? Inona no azo atao? Inona no tokony hatao? Ndao isika hanontany an'ilay mpaminany, ny Baiboly, izay tsy azontsika ampiana na anesorana avy ao amin'Izany. Raha manao isika, dia esorin'Andriamanitra avy ao amin'ny Bokin'ny Fiainana.

Ny Baiboly no nilaza, ao amin'ny Malakia 4, an'izay hitranga amin'izao andro izao. Apokalypsy 10, ahoana no hisokafan'ireo Tombokase Fito sy hanambarana an'ireo zava-miafina izay nafenina nandritr'ireo mpanavao ireo! Izy no nilaza hoe ahoana no hahavitan'izany. Ao amin'ny Baiboly izany, HOY NY TOMPO HOE. Andriamanitra efa nanondro feno, tanteraka an'izany; ary nanamarina an'Izany ho ny Fahamarinana, tamin'ny alàlan'ireo famantarana, fahagagana teny amin'ny lanitra, teny amin'ny habakabaka, sy zavatra hafa rehetra, nandritry ny telo amby telopolo taona.

Mihevitra ve ianareo fa hihaino an'Izany izy ireo? Tsia. Maty izy ireo. Nametraka ny tànany tao anatin'ny zavatra iray izay namono an'ilay zavatra manontolo izy ireo. Tsia, tsy hisy izany; tsy hisy izany, tsy hisy intsony mihitsy.

148 Tamin'ny fotoana nitrangan'io zavatra io, vao nahita i Davida. O Andriamanitra, maniraha Davida iray ho anay izay afaka mahita hoe aiza izy no mitsangana, izay afaka mijery ka mahita an'Andriamanitra manao teny fikasana iray hoe inona, ahoana no Hanaovany an'ilay izy amin'izao andro izao. Andriamanitra no nilaza fa ao amin'Ny Teniny eto mihitsy izany, hoe ahoana no Hanaovany an'izany.

149 Niteny tamin'i Mikaia Andriamanitra. Nandinika ny fahitany i Mikaia teo anatrehan'ireo mpaminany manan-kaja efajato. Nandinika ny fahitany izy mba hahita raha marina ilay izy. Nijery tany aoriana ny amin'izay nolazain'ilay mpaminany talohany izy, mba hahita izay nitranga. Nijery tany aoriana izy, ary hitany fa nitsangana tany i Elia, nanao hoe, "Ry Ahaba, ny alika dia hilelaka ny ràvao, ihany koa." Ankehitriny, hitany tamin'izany fa tena nifanaraka marina tokoa tamin'ny Tenin'Andriamanitra ilay fahitana, noho izany dia notononiny izany. Ary marina ny azy. Marina. Tsy mampaninona izay nolazain'ny sisa tamin'izy ireo, nijanona tsara tamin'io Teny io izy.

150 Ankehitriny ndao isika hijery ny fahitana izay azontsika amin'izao andro izao. Fanorenana fiangonana ve ilay izy; zavatra vaovao ve izany; zavatra lehibe izay hitranga ve izany? Sa, fitsarana izany? Mijere any aoriana ary jereo ny teny fikasan'izao andro izao, jereo hoe vanim-potoana inona no iainantsika.

151 Hoy ianareo hoe, "Eny, isaorana Andriamanitra, rahalahy, tso-po aho. Nikambana tamin'ny fiangonana aho. Nahazo ny bakalorean'ny literatiora aho. Nanao an'*ity* aho." Tsara daholo izany, tsara izany, tsy misy na inona na inona manohitra an'izany; toy izany koa i Davida, toy izany koa ireo mpisorona tamin'io andro io, toy izany koa ireo teolojiana. Saingy nifanohitra tamin'ny Teny ilay izy.

152 Andriamanitra no nilaza hoe ahoana no Hanaovany azy amin'izao andro izao, ahoana no Hamerenany ny zavatra rehetra, inona no Hataony indray. Nampanantena Izy fa hamerina. Tena marina tokoa izany. Ao amin'ny Joela 2:28, dia Izy no nampanantena fa hamerina Izy. "Izaho no hamerina," hoy ny Tompo, "ny taona rehetra izay nohanin'ny koraika." Izy ireo dia manana ny di-. . . Hitanareo, ilay olitra iray ihany izany; dingam-piainana hafa iray izany. Ary rehefa nanomboka nihinana ny Katolisisma, avy eo ny Loterana, sy Metodista, ary ireo Pentekotista, sy ny rehetra, manaraka; hoy Izy hoe, "Izaho no hamerina ny zavatra rehetra hiverina amin'ny Fiangonana iray tahaka an'ilay anankiray tany amin'ny voalohany marina tokoa."

153 Diniho ilay fahitana indray hariva. Ilay Ampakarina iray ihany marina tokoa no tonga tamin'*ity* ilany ity, tonga tamin'*ity* ilany ity. Taorian'izany dia nandalo niaraka tamin'ny akanjony ireo mpivarotena, ireo zava-dratsiny ambony tahaka an'*izao*, ary nandihy tamin'ny rock-and-roll, nefa niantso ny tenany ho ny Fiangonana.

Hoy ianareo hoe, "Eny, tsy manao an'izany izahay."

Izany no fomba ahitan'Andriamanitra anareo. Tsy hoe izay ijerenareo ny tenanareo manokana. Ilay izy dia ny fomba izay

ijeren'Andriamanitra anareo. Tsy misy olona hahita ny tenany ho diso. Raha mijery eo amin'ny fitaratry ny Tenin'Andriamanitra ianareo, dia miteny aminareo Izany na diso ianareo na tsia. Raha mba nanao an'izany i Davida, dia ho hitany fa diso izy. Raha mba nanao an'izany i Ahaba, na mba nanao an'izany ireo mpaminany ireo, dia ho nahita ny tenany diso izy ireo.

154 Hoy ny mpaminany voamarina iray hoe, "Ho faty i Ahaba, ka ny alika no hilelaka ny ràny." Ary nifanaraka tamin'Izany marina tokoa ny faminaniany. Fantany marina izy tamin'izay fotoana izay. Na i Josafata aza dia tokony ho nahita an'izany ka nahafantatra an'izany. Rehefa hitan'i Mikaia ilay fahitana, dia tsy niaraka tamin'ny olona betsaka izy tamin'ireo andro ireo, saingy nanana ny HOY NY TOMPO HOE izy. Marina ny azy.

155 Mariho, mitondra an'io zavatra io amin'izao andro izao isika ankehitriny, rehefa hitantsika ilay ora lehibe ahatongavantsika.

Mariho hoe inona no niezahan'i Davida natao, ihany koa. Manana naoty kely iray aho eto mikasika an'izany. Niezaka ny hitondra an'ilay fiara ho ao an-tanànan'i Davida izy, ny anaram-piangonany manokana.

156 Mijere any aoriana rehefa niteny voalohany teo amin'ilay renirano teto ny Tompo, "Tahaka ny nanirahana an'i Jaona Mpanao-batisa hialoha làlana ny fihaviana voalohany . . . "

Rahalahy, tsy afaka nahatanty an'izany ireo Assemblées, na ny Mitambatra koa aza tsy afaka, izy rehetra. Tsy maintsy nanana anankiray izy ireo tany ho any. Ah, tsy maintsy nanao an'izany izy ireo, hitanareo, marina mihitsy. Tsy maintsy nitondra azy tany an-tranony manokana izy rehetra.

157 Te-hitondra azy tao an-tanànan'i Davida izy ireo. Nahoana? Tsy nisy toerana vonona ho an'izany teo.

Ary izany no antony tsy ahafahanareo mitondra ny Hafatra eo amin'ny anaram-piangonana iray. Ny Teny, ny Fiara, Kristy, "ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay," sy ny Fanondroany rehetra, tsy afaka mitondra an'Izany ao amin'ny rafi-pandaminanareo ianareo. Tsy hino an'Izany mihitsy izy ireo, satria tsy misy efitra ho an'Izany. Tsy nilaza ve ny Baiboly fa tany ivelan'ilay fiangonan'ny Taona Laodikiana Izy, miezaka ny hiditra?

Tsy nisy toerana tao an-tanànan'i Davida, tsy mampaninona na mahatoky toy ny ahoana ilay izy, na lehibe toy ahoana, sy—sy ny sisa. Mbola tsy izany foana ilay toerana. Tsy maintsy ao Jerosalema izany. Tany no nisy azy taty aoriana, rehefa niteny tamin'izy ireo an'izay hanaovana azy ilay mpaminany. Hitanareo? Tsy maintsy nitondra azy tao amin'ny tanànany manokana i Davida. Tsy nisy toerana vonona ho an'izany.

158 Kristy no Fiarantsika, nefa tsy handray an'Izany izy ireo. Kristy no Teny; tsy handray an'Izany izy ireo. Ny fanekem-pinoany no tiany, ny anaram-piangonany, fiara vaovao iray, na—na fitondrana vaovao iray. Ny anaram-piangonana no tian'izy ireo hitondra Azy; fiara vaovao iray. Hah!

Tsarovy, Kristy no Fiarantsika! Mino ve ianareo fa Kristy no Teny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izany ilay Fiara, raha izany. Marina ve izany? Eny àry. Kristy dia tsy azo entina, ho eo amin'ny Toerany marina, amin'ny alàlan'ny saretin'anaram-piangonana iray. Mifanaraka amin'ny olona anankiray Izy, fa tsy amin'ny vondrona iray. Tsy nifanaraka tamin'ny vondrona iray mihitsy Izy; olona anankiray. Fa, Izy no nilaza fa tsy hanao Izy. Raha nanao Izy, dia nanohitra Ny Teniny Izy, Amosa 3:7. Tsy afaka mampandainga an'Izany ianareo. Tsia, tompoko. Izany no Fahamarinana.

159 Fa, hitanareo, miezaka izy ireo. Tsy azo entina amin'ny alàlan'ny rafi-pandaminana iray ny Fiara. Be loatra ny loha ao anatin'izany. Hitanareo? Tsy azo atao izany. Izy no nampanantena fa tsy hanao an'izany Izy, ary tsy hanao an'izany Izy. Izy no nilaza . . . taiza Izy no nampanantena—taiza Izy no nampanantena fa hanao azy amin'ny fomba hafa iray? Izany no antony Nampanantenany fa tsy hanao an'izany Izy.

Aza mieritreritra an'ireo fisainana ireo. Afaka mahatsapa an'izany aho. Hitanareo?

160 Noho izany Izy—Izy dia nampanantena fa hanao an'izany amin'ny fomba iray Izy, ary tsy hanao ny zavatra rehetra mifanohitra amin'izany Izy. Hitanareo? Fa amin'ny alàlan'ny Fombany tany am-boalohany, arak'izay Nolazainy ao amin'ny Amosa 3:7, dia izany no fomba Hanaovany azy. Ary tsy maintsy voamarina sy voaporofo ho marina izany.

Ankehitriny, fantatrareo izay Nampanantenainy amin'izao andro izao, noho izany dia eo am-panaovana an'izany Izy amin'izao andro izao. Izay Nolazainy fotsiny ihany no Hataony. Izy no hanokatra an'ireo Tombokase Fito ireo, sy izay rehetra Hataony; hanambara an'ireo zava-miafina tany aoriana ireo, ahoana ireo batisa sy ireo zavatra rehetra izay nifangaro tanteraka. Ary eto izany, ao amin'Ny Fanatrehany mihitsy. Manaporofo an'izany ny siansa. Nanambara an'izany ny lanitra. Mitsangana ny olona, mijery an'ilay izy mihitsy, ary mahita azy mitranga. Tsy nisy zavatra anankiray izay Nolazainy ka tsy Nataony marina. Eo ianareo izao. Mba hahitanareo fotsiny hoe aiza no misy antsika amin'izao andro izao.

161 Ahoana fa ny olona rehetra izay manana Ny Fanahiny, dia mahafantatra an'izany; manana ny Fanahin'Andriamanitra eo aminy, no mahafantatra fa Ity no Fahamarinana, satria tsy hiteny hanohitra ny Teny ny Fanahin'Andriamanitra. Tsia, tsia. Hiaraka amin'ny Teny mihitsy Izany.

Hoy ianareo hoe, "Manana ny Fanahy Masina aho. Nikiakiaka aho; niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho. Nandihy tao amin'ny Fanahy aho." Tsy midika zavatra anankiray amin'Andriamanitra izany. Hitanareo?

Nanao tahaka an'izany i Davida, saiky ilay zavatra mitovy mihitsy, tany. Nihira tamin'ny heriny rehetra izy ireo, ary nikiakiaka tamin'ny heriny rehetra. Ny sisa tamin'izy ireo dia nanao, ary niditra avy hatrany tao amin'ny fahafatesana. Marina izany. Tsy misy idiran'izany amin'io.

162 Ny Teny no mikaonty, ny Tenin'ny Tompo. "Ireo izay miandry ny Tompo." Eny, tompoko. Hitanareo, ireo izay manana ny Fanahin'Andriamanitra ao aminy, mijery an'ilay teny fikasana ho an'izao andro izao, ka mandinika sy miandry mandra-pahitan'izy ireo an'Izany. Amin'izay fotoana izay dia hoy izy ireo hoe, "Io ilay Izy." Andriamanitra no manambara an'Izany amin'izy ireo.

163 Tahaka an'i Natanaela. Nandeha i Filipo ary nahita an'i Natanaela. Hoy i Natanaela hoe, "Ankehitriny andraso iray minitra. Fantatro fa nampanantenaina izany, saingy avelao aho hahita an'Izany." Ary rehefa hitany Izany, dia hoy izy hoe, "Io ilay Izy."

Hoy ilay vehivavy hoe, "Ankehitriny, fantatro, efa nandre an'ireo karazana teolojiana rehetra aho. Izaho efa nanao an'*ity* sy *itsy*. Ary efa namaky ny Baiboly aho, ny tenako, ka fantatro fa izahay dia . . . Hisy Mesia iray ho avy, izay hanao an'ireo zavatra ireo, noho izany dia Ianao no tsy maintsy ho Mpaminaniny."

Hoy Izy hoe, "Izaho no Izy."

164 Hoy izy hoe, "Avia, hijery Lehilahy iray, io no Izy." Niandry izy mandra-pahitany an'io Mesia io ho voatondron'ny Tenin'Andriamanitra, avy eo dia hoy izy hoe, "Izany no nandrasanay, efajato taona. Tsy nanana mpaminany iray izahay na inona. Indro eto Izy, ary Izy Tenany no milaza fa Izy no Izy." [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] " . . . mivoaha dia jereo ny Lehilahy iray Izay niteny tamiko an'ireo zavatra izay nataoko."

Fa niandry mba hamono Azy ireo mpisorona, ary farany dia nataon'izy ireo izany. Hitanareo?

Fa tsy afaka mamono Ny Fanahiny izy ireo amin'izao andro izao. Marina izany. Tsia, tsy afaka mamono an'Izany izy ireo. Eto Izy mba hitondra antsika hiditra, noho izany dia mankasitraka isika. Mariho hoe lehibe toy ny ahoana Andriamanitra, lehibe toy ny ahoana ireo Asany, ahoana fa tsy mety diso mihitsy izany!

165 Ankehitriny, manana fomba iray voaomana sy tany am-boalohany hanaovana zavatra Andriamanitra, ary tsy hanao an'izany hifanohitra amin'io mihitsy Izy.

166 Ankehitriny Izy no nampanantena an'izay Hataony amin'ny andro farany. Ary Izany no nandefa an'ireo, ny Hafatra ho antsika; ary hanana fanondroana mitovy amin'izay nananan'i Elia izany Hafatra izany, izay nananan'i Elisa, izay nananan'i Jaona Mpanao-batisa. Ary Izany no hamerina ny fon'ny olona, tsy ho amin'ny anaram-piangonana, fa hiverina amin'ny tany am-boalohany, ireo ray apostolika, hiverina amin'ny Teny. Toy ny ahoana no nanamarinana an'ireo zavatra ireo. Ahoana fa tao amin'ny fitsofan'ilay anjely farany, Apokalypsy 10 hoe, "Amin'ny andron'ny anjely fahafito, ireo zava-miafina ireo izay efa tena . . . "

"Nahoana ny Metodista no nanao an'*ity*, ary ny Batista, sy ny fiangonan'i Kristy, ary ny Vavolombelon'i Jehovah, ny rehetra nanao an'*itsy*?"

"Ho voambara ireo zava-miafina ireo amin'ny andro farany, rehefa ny an'ny anjely fito . . . ny Hafatry ny anjely fahafito, rehefa izy . . . " Tsy hoe rehefa manomboka manao an'izao izy, fa, "Rehefa manomboka mitsoka ny Hafany izy." Hitanareo? Tsy ireo taona ao amin'ny fanomanana, fa "Rehefa manomboka mitsoka an'ilay Hafatra izy, dia ho voambara ireo zava-miafina ireo." Ary eto izy ireo; tsy mahafantatra azy ireo, ary ianareo olona no vavolombelon'izany.

167 Ary avy eo tao amin'ilay trano fandinihana malaza, mba hahatonga ny olona ho any ivelany, dia mbola manontany an'izay nitranga foana izy ireo. Tany Tucson, naka sary an'izany ireo trano fandinihana lehibe tany; mbola manontany an'izay nitranga foana. Inona izany? Mbola apetrak'izy ireo ao amin'ny gazety foana hoe, "Misy olona mahafantatra zavatra mikasika an'izany ve, ahoana no nitrangan'izany?" Tsy misy zavona eny ambony eny, tsy misy rivotra, tsy misy hamandoana; telopolo maily ny hahavony teny amin'ny habakabaka. Oh, oadray!

"Hisy famantarana eny amin'ny lanitra ambony. Ary rehefa miseho ireo zavatra ireo, horohoron-tany amin'ny toerana samy hafa, amin'izay fotoana izay dia hiseho ny famantarana eny amin'ny lanitra, an'ny Zanak'olona." "Amin'izany andro izany," ao amin'ny Lioka, "dia hanambara ny Tenany indray ny Zanak'olona; voambara, ny Tenany." Ary hitovy amin'i Sodoma sy Gomora izao tontolo izao. Oh, oadray!

Rahalahy, aza minia tsy mahalala an'ireo zavatra ara-panahy, hitanareo. "Zahao ny Soratra, fa ao Aminy no heverinareo Mandrakizay, hanananareo Fiainana Mandrakizay; ary Izy ireo No manamarina ny Teny." Izy ireo No manamarina ny Fahamarinana, ireo zavatra izay ataon'Andriamanitra amin'izao ora izao.

168 Ary ankehitriny inona? Ireo izay manana ny Fanahin'Andriamanitra, no miandry an'ireo zavatra ireo. Ary

rehefa hitany ireo zavatra ireo, dia mino an'ireo zavatra ireo izy. Hoy Jesosy hoe, "Tsy misy olona afaka manatona Ahy raha tsy Ny Raiko no mitarika azy. Ary izay rehetra nomen'ny Ray Ahy," Izy no Teny, "izy ireo no hanatona Ahy. Izy ireo no hanatona Ahy."

169 Tena nitratrevatreva aho izao maraina izao, hitanareo. Miandry ny Tompo izy ireo, miandry; ary rehefa miandry izy ireo, ka hitan'izy ireo ny teny fikasan'izao andro izao, efa nohamarinina, dia izany no manavao ny finoan'izy ireo ao amin'Ny Teniny. Satria, Izy no nampanantena hanao an'izany, ary indro Izy fa manao an'ilay izy. Noho izany dia tsy misy fisalasalana. Andriamanitra no miteny. Ny Teniny, aloha, no miteny. Ary avy eo ny Fanahy izay mitondra Azy no manao an'ilay zavatra izay nolazain'ny Teny fa Hataony.

Oh, manana fakan-tahaka betsaka isika. Mbola hanana maro amin'izy ireo isika, lehilahy tso-po miezaka manao zavatra amin'*ity* fomba ity sy amin'*itsy* fomba itsy, saingy diniho izay nitranga. Hametraka ny tànany ireo olona, ary avy eo—avy eo dia maty. Hitanareo, mariho.

170 Tsy misy planin'olombelona avy amin'ny anaram-piangonana mba hety, manao mambra ho an'ireo fiaran'anaram-piangonana namboariny manokana izy ireo. Tsy nanana anaram-piangonana iray mihitsy Andriamanitra. Tsy hanana anaram-piangonana iray mihitsy Izy. Ary zavatra iray nataon'olona izany.

171 Ary manontany aho, androany, raha tsy ireo fisintonantsika rehetra sy ireo tafika masina lehibe ary fifohazana, no namenoantsika ny fiara Metodista, ny fiara Batista, ny fiara Presbyterana! Fa ahoana ny amin'ny Fiaran'i Kristy, ny Teny?

Ary raha tsy maintsy ho ny Teny ny Ampakarina, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy ho avy amin'i Kristy Izy, ampahan'ny Mpampakatra. Tsy maintsy ho ny Teny Izy; ny Teny tsy ho an'ny Androny; ny Teny ho an'izao andro izao, izay Nampanantenainy fa ho izao andro izao, ka naniraka Ny Teniny Izy mba hamolavola Ny Ampakariny sy hanamboatra Azy. Manantena aho fa hitantsika izany! Aza maka hevitra iray avy amin'ny anareo manokana ankehitriny, ary aza mandray ny hevitr'olon-kafa. Raiso ny Teny voamarina eto, ny Baiboly. Izy no milaza.

Andriamanitra no nampanantena ao amin'Ny Teniny hoe ahoana no Hifidianany Ny Ampakariny amin'izao andro farany izao. Efa fantatrareo ve izany? Izy no nampanantena an'izany, hoe ahoana no Hanaovany azy, ary amin'ny alàlan'ny Drafiny tany am-boalohany tamin'ny fifidianana an'i Kristy izany, tamin'ny fifidianana an'ireo fotoana, fifidianana an'ireo vanim-potoana, ahoana izy . . . Tsy afaka ny ho diso amin'izany Izy, eo amin'Ny Ampakariny, satria ampahan'io Teny io Izy.

Tsy afaka mifidy Azy amin'ny alàlan'ny anaram-piangonana iray Izy, satria tsy nifidy an'i Kristy tamin'ny alàlan'ny anaram-piangonana iray Izy. Avy tamin'ny anaram-piangonana iray ve Kristy? Avy tamin'ny anaram-piangonana iray ve Izy? Tsia. Nandà Azy izy ireo. Eny, izany no nataon'ny anaram-piangonana tamin'izany. Noho izany raha mifidy Ampakarina iray Izy, afaka ho tonga amin'ny fomba iray hafa ve Izy?

Ahoana no Nitondrany an'i Kristy teto? Tamin'ny alàlan'ny Tenin'ireo mpaminany. Marina ve izany? Ahoana no Hitondrany Ny Ampakariny eto? Amin'ny alàlan'ny Tenin'ireo mpaminany.

Ahoana no Nanondroany Azy rehefa tonga Izy? Tamin'ny alàlan'ny lehilahy iray niaraka tamin'ny fanahin'i Elia teo aminy, nivoaka avy tany an-efitra. Ahoana no Hanondroany Ny Ampakariny? Izy no nampanantena an'ilay zavatra iray ihany ao amin'ny Malakia 4, talohan'ny Nandravany ny tany, tahaka ny tamin'ny andron'i Sodoma.

172 Tsarovy, nodorana i Sodoma. Marina ve izany? Eny, tsy maintsy dorana ity izao tontolo izao ity. Jesosy no niteny an'izany. Ary izany no ho fotoana, izay, tahaka ny nolazain'ny Lioka ny toko faha-17 sy ny andininy faha-30 hoe, "Amin'ireo andro ireo dia ho tahaka an'i Sodoma sy Gomora, amin'izay fotoana izay dia ho voambara ny Zanak'olona."

Ary avy eo dia inona no hitranga? Araka ny Malakia, handoro ny tany indray Izy, ary ny marina (ao amin'ny Arivo taona) dia hanitsaka ny lavenon'ny ratsy fanahy. Marina ve izany? Hitanareo?

Noho izany dia ao amin'ny andro farany mihitsy isika izao. Mipetraka eo amin'ilay varavarana isika eto ankehitriny, miandry Azy ho tonga.

173 Mariho, Andriamanitra no nampanantena ao amin'Ny Teniny fa hifidy Ny Ampakariny amin'ny Fombany tany am-boalohany Izy. Izy no mifidy ny Azy. Ilay Mpampakatra! Izy no niteny mialoha an'izany tamin'ny alàlan'ireo mpaminany, ary naniraka mpaminany iray hanondro azy.

Ilay mpaminany no nilaza, nitsangana teo amoron'i Jordana hoe, "Indro!"

Hoy izy ireo hoe, "Ianao no Mesia, sa tsy izany?"

Hoy izy hoe, "Tsia, tsy izaho no Mesia."

"Tsy maintsy ho ny Mesia ianao."

174 "Fa tsy Izy aho. Fa mitsangana eo anivonareo Izy. Ary ny Kirarony, tsy mendrika ny hamaha an'izany aho. Rehefa tonga Izy, mampahafantatra ny Tenany . . . "

Ary androany dia mitsangana eo anivontsika Izy, ao amin'ny Olon'ny Fanahy Masina, maneho ny Tenany hatrany

sy hatrany, miditra ao amin'Ny Fiangonany, mampahafantatra ny Tenany; satria, Izy, ary ny Ampakarina sy ny Mpampakatra dia ho iray ihany, mampahafantatra ny Tenany. Ary ho hitanareo indray andro any fa ilay Anankiray izay tsapanareo tao am-ponareo, ka hitanareo ny Fanondroany, dia ho lasa tonga olona eo anatrehanareo, amin'izay fotoana izay ianareo sy Izy dia ho Anankiray.

Nampiraisin'ny Teny ianareo. Ary ny Teny, izay tany amin'ny voalohany, dia hiverina indray any amin'ny voalohany, izay Andriamanitra. "Ary amin'izany andro izany dia ho fantatrareo fa Izaho ao amin'ny Ray, ny Ray ato Amiko; Izaho ao aminareo, ary ianareo ato Amiko." Haleloia! Eo isika izao. Haleloia! Tena faly aho mahita Azy manao ny Tenany ho olona eo anivontsika mihitsy, ary mahita an'izay Nampanantenainy ho an'ny Teny; tsy izay fientanam-pon'ny olona iray, mihira, sy mitsambikina, ary mandihy. Fa amin'ny alàlan'Ny Teniny, amena, no Ampahafantarany ny Tenany.

175 Jereo, rehefa nitondra izy ireo, nanorina ny tempoly ary nitondra an'ilay fiara niditra tao, dia niditra tao Andriamanitra niaraka tamin'ny Andry Afo iray. Amena. Nitsambikina sy niantsoantso i Davida, nanohy ireo mpihira rehetra sy ireo mpisorona, nefa tany ivelan'ny sitrapon'Andriamanitra izy ireo. Fa rehefa voatondron'Andriamanitra ao amin'ny Fitoerany sy ny toerany ilay fiara, talohan'ny nitondran'izy ireo an'ilay fiara niditra tao, dia indro tonga ny Andry Afo nitarika ny làlana; teo ambonin'ireo elatry ny kerobima mihitsy, ary tao ambadiky ny masin'ny Masina indrindra, ny Toeram-pitsaharany; ny Andry Afo! Ary ny voninahitr'Andriamanitra no tao, hany ka ny toe-. . . tsy afaka nahita akory aza izy ireo hoe ahoana no hitandremana. Amena.

Izany no hanakatona ny mason'ny teolojiana rehetra, rehefa ho avy ho an'Ny Ampakariny Izy. Izy dia hakarina amin'ny—amin'ny misasak'alina, tahaka ny tamin'izany, ho azy ireo. Tsy hahita Azy handeha akory aza izy ireo. Oh, ho an'Andriamanitra ny dera!

176 Mariho, nampanantena Andriamanitra fa hitondra Ny Ampakariny hivoaka Izy, izay Hataony. Hisy Voa iray. Hisy Hazavana amin'ny andro hariva, ahoana no Hanaovany an'ireo zavatra rehetra ireo, marina tokoa, ary amin'ny fomba izay Nikasany azy tany amin'ny voalohany ao amin'ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao.

Ary tsy amin'ny alàlan'ny anaram-piangonana izany. Tsy amin'ny alàlan'ny rafitsika izay ampiasaintsika amin'izao andro izao izany. Miteraka fahafatesana fotsiny isika. Mamela ny olona hametraka ny tànany miaraka amin'Izany, ary maty eo amin'izany. Hitanareo?

177 Ny Teny, ny Hafatry ny hariva, dia tsy maintsy mitondra an'ireo vokatry ny hariva. Tsy maintsy mamafy ny Voan'ny hariva ny Hafatry ny hariva, fa tsy ny voan'ny maraina. Voan'ny hariva! Marina ve izany? Ilay tantaran'ny mitataovovonana, ireo voany tany aoriana tany, dia anaram-piangonana; maty izany, levona. Fa hampiseho ny Hazavan'ny andro hariva ny Hafatry ny andro hariva, hampiseho an'ireo vokatry ny andro hariva; ny Hafatry ny andro hariva!

Ny andron'i Jesosy, hafatry ny mitataovovonana, dia nampiseho an'ireo vokatry ny mitataovovonana. Nampiseho an'ireo vokatry ny voalohany ny hafatry ny voalohany, nanao ny famoronana. Nanao Ny Zanany tamin'ny Endriny Manokana Izy, tamin'ny mitataovovonana. Amin'ny andro hariva dia manao ny Ampakarina ho an'Izany Izy. Hitanareo? Amin'ny alàlan'ny inona? Ny Teniny.

Ahoana no Nanaovany ny tany? Ahoana no Nitenenany an'izany ho amin'ny fisiana? Tamin'ny alàlan'Ny Teniny!

Iza Ilay Zanany? Ny Teny! "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra. Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina teo anivo."

Ahoana no Hakany Ny Ampakariny? Amin'ny alàlan'ny Teny; tsy amin'ny alàlan'ny sarety vaovao iray, tsy amin'ny alàlan'ny hevitry ny teolojiana iray. Fa araky Ny Teniny no Hanondroany Azy. Aza mametraka zavatra anankiray eo amin'Izany na manaisotra zavatra anankiray avy amin'Izany ankehitriny. Avelao Izy ho amin'izay maha-izy Azy. Hitanareo?

178 Amin'ny andro hariva, dia nampanantena Izy fa Izy no hanambara, sady, hanokatra an'ireo Tombokase Fito ary hampiseho an'ireo izay nahadiso ny fiangonana tany aoriana tany. Apokalypsy 10, sy Malakia 4, Lioka 17:30, no Nilazany fa hanao an'izany Izy. Ankehitriny aoka isika tsy hampifangaro an'izany. Aoka isika hihazona azy tahaka an'izany mihitsy.

179 Mamelà ahy, eto am-pamaranana . . . Izao dia efa saiky, tena akaikin'ny amin'ny roa ambin'ny folo latsaka fahefany. Mamelà ahy hamarana, amin'ny filazana an'izao.

Ry sakaiza, henoy, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy! Mazava loatra ireo zavatra ireo mba tsy hahatonga anareo tsy hino Azy. Mazava loatra izany mba tsy hahatonga anareo tsy hahita Azy. Azo antoka fa afaka mahita an'Izany ianareo! Azo antoka fa afaka nahita Azy izao tontolo izao! Saingy ny anareo fotsiny . . .

Aza mety ho voataonan'ireo zava-mikarantsana vaovao sy ireo zavatra izay ananan'izy ireo amin'izao andro izao; tsy ahoako na olona tsara toy ny ahoana aza izy ireo, na tso-po toy ny ahoana. "Raha tsy miteny araka ny lalàna sy ny mpaminany izy ireo," hoy ny Baiboly, "dia tsy misy Aina ao anatiny." Hitanareo?

180 Nihevitr'i Davida fa marina izy. Tso-po izy. Ireo mpisorona ireo dia nihevitra fa marina izy ireo. Tso-po izy ireo. Saingy diso fotsiny tamin'ny fanontaniana ny Tompo izy ireo mikasika an'ilay izy. Ary ahoana no nahafahan'izy ireo nanao an'izany? Hoy angamba izy ireo hoe, "Efa nivavaka ho an'izany izahay." Saingy tsy izany no fomban'Andriamanitra amin'ny fanaovana azy. Nampanantena Izy fa tsy hanao na inona na inona Izy raha tsy efa Nambarany tamin'ny mpaminany Mpanompony aloha izany. Ary nitsangana teo anivon'izy ireo mihitsy i Natana-ela, fa tsy nanontaniany mihitsy izy.

181 Ankehitriny vakio ny toko vitsy manaraka an'ny Tantara eo, dia hahita ianareo. Rehefa nipetraka tao an-trano i Davida, ka nanao hoe, "Mety ve," ary nipetraka niaraka taminy i Natana-ela, "hoe izaho dia tokony, hipetraka ao amin'ny sedera, nefa—nefa ny fiaran'Andriamanitra ao ambanin'ny tranolay ao ivelany ao?" Ary hitan'i Natana-ela, avy tamin'ny Tompo, izay ho lazaina aminy mba hatao.

182 Ary efa nanao fahadisoana izy, noho izany dia hoy Andriamanitra hoe, "Lazao amin'i Davida Mpanompoko fa Tiako izy. Nanao anarana iray ho azy Aho tahaka an'ireo lehilahy malaza eto an-tany, saingy tsy afaka hamela azy hanao an'io Aho," hitanareo, "nanao zavatra diso Tamiko izy. Hitanao, tsy afaka mamela azy hanao an'io Aho. Hitondra lehilahy iray Aho any aoriana, ny zanany, no hanangana ny tranon'Andriamanitra mandrakizay." Ary Davida izany, mazava ho azy. Fa, Solomona no tandindon'izany, saingy diso izy avy eo. Tsy maintsy diso ny olona rehetra. Tsy maintsy diso ny olombelona rehetra.

Andriamanitra irery ihany no Anankiray tsy mety diso. Tsy mety diso Izy. Izany no zavatra anankiray izay tsy azon'Andriamanitra hatao, dia ny diso. Ary Andriamanitra dia ny Teny. Ary ny Teny, tsy mampaninona na toy ny hoe ho tonga amin'io fomba hafa io aza ilay izy, ho tonga marina tokoa amin'ny fomba izay nolazain'ny Teny izany.

183 Tsarovy ankehitriny, tsy maintsy manaraka an'ilay vanim-potoana ianareo, ilay fotoana. Hitanareo? Ary vanim-potoana inona no misy anareo, fotoana inona, ary manao an'izany ho voamarina, mba hahita fa izany marina tokoa no Fahamarinana.

184 Ankehitriny raiso ireo fepetra rehetra ireo, ny Teny rehetra, ny tandindona rehetra, ary ireo zavatra, dia jereo hoe aiza ianareo no mipetraka. Eritrereto ilay ora izay iainantsika.

Jereo any, fa saiky ny iray ampahafolon'ny tany dia efa hilentika. Ny siansa no miteny an'izany. Mijery ny famantaranandro izy ireo. Taona vitsy lasa izay, hoy izy ireo, "Telo minitra sisa ankehitriny alohan'ny misasak'alina." Mety ho iray minitra, mety ho antsasa-minitra ankehitriny.

Hoy izy ireo hoe, "Tsy hitranga ao amin'ny taranatsika izany."

185 "Mety hitranga ao anatin'ny dimy minitra izany." Ary mariho ilay zavatra manaraka izay nolazainy hoe, "Dimy taona." Tsy izaho mihitsy no niteny an'izany ankehitriny. Izy no niteny an'izany, ilay siantifika. Mifindra miala an'i California tahaka ny lalitra izy ireo. Hitanareo? Eny, tamin'ilay andro izay nivoahan'i Lota avy tao Sodoma, tamin'izany andro izany ihany no nirarahan'ny afo teto ambonin'ny tany.

Indray andro any Andriamanitra dia handray ny Hafatsika, ary hiala eto isika. Misy zavatra hitranga, tena azo antoka, amin'izay fotoana izay, rehefa lasa ny Fiangonana, Ny Vatany, Ny Ampakariny.

186 Ankehitriny te-hamaky Soratra iray aminareo aho, ary tiako ianareo hamaky an'Izany miaraka amiko. Tiako ianareo hamadika ao amin'ny Deoteronomia 4, eto am-pamaranana. Heveriko fa betsaka angamba ny efa voalaza, mba hahazoanareo. Deoteronomia 4. Hamaky toerana roa aho eto.

Ary ho an'ity fiangonana ity, sy ho an'ireo horonam-peo, ireo olona ao amin'ny horonam-peo, sy ireo olona ao amin'ny fifandraisana manerana an'ireo ampahany hafa an'ny firenena, tiako hihaino tsara mihitsy an'ity ianareo, ary aza diso ianareo. Ity ilay zavatra izay izaho . . .

Deoteronomia, ny toko faha-4. Ho raisiko ny andininy 1. Tiako ny hamaky ny andininy 1, avy eo aho dia hamaky ny andininy faha-25 sy ny andininy faha-26. Afaka mamaky azy rehetra ianareo rehefa tonga any an-trano; fa izao fotsiny, hananana fotoana, mba ahafahantsika hivoaka ara-potoana, satria tsy maintsy hiverina indray aho rahariva, raha sitraky ny Tompo. Henoy ity mpaminany izay miteny ity. Efa teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izy. Fantany izay noresahany. Henoy.

> *Ary ankehitriny mihainoa, O ry Isiraely, an'ireo didy sy* ny *amin'ireo fitsarana, izay ampianariko anareo, mba hanaovanareo azy ireny, mba ho velona ianareo, ary hiditra sy hahazo ny tany izay omen'ny* Tompo *Andriamanitry ny razanareo anareo*. (Manao tandindona ny Arivo taonantsika izany.)
>
> *Aza ampianareo ny teny izay andidiako anareo, na aza anesora*nareo *ny* amin'*izany,* ("Aza manampy zavatra anankiray amin'Izany, ary aza manaisotra zavatra anankiray avy amin'Izany. Mijanòna, lazao fotsiny izay Lazainy!") *ka tandremo ny didin'ny* Tompo *Andriamanitrareo izay andidiako anareo.*
>
> *Ny masonareo dia efa nahita izay nataon'ny* Tompo . . .tamin'i *Baala-peora: fa ny olona rehetra izay nanaraka an'i Baala-peora, dia ny* Tompo

Andriamanitrareo no *nandringana azy ireny tsy ho eo anivonareo.* ("Ankehitriny dia vahoaka nosarahana iray ianareo, avy ao amin'ireo anaram-piangonana." Hitanareo? Hitanareo?)

Fa ianareo izay nifikitra tamin'ny TOMPO *Andriamanitrareo kosa, dia velona* ianareo *tsirairay avy amin'izao andro izao.* ("Ianareo dia tsy maty mihitsy niaraka tamin'ny anaram-piangonanareo. Velona ianareo ankehitriny, ary ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra.")

Henoy tsara, aza diso an'izany. Ny andininy faha-25, ankehitriny, rehefa hiditra ao amin'ilay tanàna izy ireo, diniho ankehitriny izay nitranga.

Ary *ianareo rehefa* hiteraka *zanaka, sy zafikely, ka* ianareo . . . *efa nitoetra ela tao amin'ilay tany, ary handoto ny tenanareo* (izany no nitranga), *sy hanao* . . . sary *voasokitra* (zavatra hafa), *na tahaka ny zavatra rehetra, sy hanao ratsy eo imason'ny* TOMPO *Andriamanitrareo, hanao izay hampahatezitra azy:* (Henoy!)

Miantso ny lanitra *sy ny tany aho ho vavolombelona manohitra anareo amin'izao andro izao,* hitanareo, *fa* ianareo *dia ho fongotra tokoa tsy ho ao amin'ny tany,* na ilay toerana, izay *iampita*nareo *an'i Jordana hahazo azy; tsy ho maro andro ianareo eo amin'izany, fa haringana tokoa* ianareo.

187 Mosesy miteny amin'ny Isiraely io, rehefa avy nohamarinin'Andriamanitra izy, tamin'ny alàlan'ny Andry Afo iray, dia nahafantatra fa voaporofo ho mpanompon'Andriamanitra hitarika azy ireo hivoaka izy. Ary talohan'ny nidiran'izy ireo tao amin'ilay tany, talohan'ny nidiran'izy ireo, dia hoy i Mosesy hoe, "Ankehitriny, ireo teny izay noteneniko taminareo, dia miantso ny lanitra sy ny tany aho ho vavolombelona manohitra anareo. Raha manampy zavatra anankiray amin'Izany ianareo, na manaisotra Teny anankiray avy amin'Izany, dia tsy hipetraka ao amin'ilay tany izay omen'ny Tompo Andriamanitra anareo ianareo."

Noho izany dia milaza aho, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy! Aza manampy zavatra anankiray. Aza manaisotra, mametraka ny hevitrareo manokana ao amin'Izany. Lazao fotsiny izay voalaza eo amin'ireo horonam-peo ireo. Ataovy marina fotsiny izay nandidian'ny Tompo Andriamanitra anareo mba hatao. Aza manampy amin'Izany.

188 Izy hatramin'izay dia, mihazona ny Fampanantenany amintsika. Ny teny fikasana rehetra izay Nataony, dia nihazona an'izany Izy. Efa niteny taminareo an'izay hitranga ve Izy, ary nitranga ve izany? Mitondra ny lanitra sy ny

tany eto anatrehanareo aho androany, ao amin'ny fihaikana iray. Efa mba nilaza zavatra iray ve Andriamanitra ka tsy Notanterahiny sy nataony marina tokoa arak'izay Nolazainy fa Hataony ho antsika? Tsy efa Nataony tamin'ny fomba izay Nolazainy fa Hanaovany azy mihitsy ve izany? Izany marina tokoa. Noho izany dia hanohy hanao an'izany Izy. Aza manampy amin'Izany fotsiny. Aza manaisotra avy amin'Izany. Inoy fotsiny Izany ary mandehana manetry tena eo anatrehan'ny Tompo Andriamanitrareo, satria manakaiky ny fandehanana ho ao amin'ilay Tanàna isika.

Amin'izay fotoana izay, dia tsy hiverina ianareo, tsy hiverina amin'ity karazam-piainana ity indray. Hiverina amin'ny maha-vatana tsy mety maty iray ianareo. Hiverina ianareo, rehefa nofoanana ny fahotana, rehefa fatorana i Satana, ary mandritry ny arivo taona no hiainanareo eto amin'ity tany ity izay nomen'ny Tompo Andriamanitrareo anareo. "Fa ny malemy fanahy no handova ny tany." "Sambatra izay mankatò ny Didiny rehetra, mba hahafahany manana zò hiditra ao amin'ny Tanàna." "Fa any ivelany ny mpanao ody ratsy, ny mpandainga, ny mpijangajanga, ary ny alika. Tsy hiditra ao izy ireo." Fa ho an'ilay Navotana fotsiny ihany izany, ary ho an'ireo izay mandeha ao amin'ny Didiny.

189 Aza maka zavatra vaovao iray. Manidina hatraiza hatraiza izy ireo, ary mbola hisy betsaka noho izany no ho avy. Fa aza maka an'ireny zavatra vaovao ireny.

Ny Tompo Andriamanitrareo no efa nanambara taminareo hoe inona no Fahamarinana. Ny Tompo Andriamanitrareo no efa nanamarina hoe inona ny Fahamarinana, tamin'ny alàlan'Ny Teniny sy tamin'ny alàlan'Ny Fanahiny. "Tsy amin'ny hery, tsy amin'ny fahatanjahana, fa amin'Ny Fanahiko." Ary, ny Fanahy, "Andriamanitra dia mitady an'ireo izay manompo Azy amin'ny Fanahy sy ny Fahamarinana." "Ny Teninao no Fahamarinana." Ary efa Nohamarininy tsara tokoa fa Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Efa Nasehony taminareo ilay Voan'ny hariva. Efa Nambarany taminareo Izany, tao amin'ny Teny. Efa Noporofoiny taminareo Izany, tamin'ny alàlan'Ny Fanahiny.

190 Aza manomboka mihitsy na manandrana rafi-pandaminana iray. Aza manandrana manorina eo ambonin'ny zavatra hafa iray.

Fa mijanòna manetry tena eo anatrehan'ny Tompo Andriamanitrareo, satria toy ny hoe mety hisokatra tsy ho ela ireo vavahadin'ilay Tany nampanantenaina. Noho izany dia ndao isika hiditra miaraka amin'ny hira marina sy fifaliana, rehefa mandray ny toerany eo amin'ilay Seza fiandrianana ny Ampakarina sy ny Mpampakatra.

191 Miainà manetry tena. Miainà am-pitiavana. Mifankatiava. Aza mametraka na inona na inona mihitsy eo anivonareo. Raha hitanareo fa misy zavatra tonga ao am-ponareo izay manohitra olona iray, avohay avy hatrany izany amin'izay fotoana izay. Aza mamela . . .

Fa hanao ny tsarany indrindra i Satana ho tonga eo anivonareo. Hitanareo? Aza avelanareo hitranga izany. Mety ho tonga ny olona iray malama vava ka hiezaka ny hampanalavitra anareo amin'Izany. Mihevitra ve ianareo fa afaka niresaka tamin'i Mosesy izy ireo mba hivoaka amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, nefa izy efa nitsangana teo ary efa nahita an'Izany? Tsia, tompoko. Tsia. Tsy manaisotra avy amin'Izany isika na manampy amin'Izany. Hazòny fotsiny amin'ny fomba izay nolazain'ny Tompo Izany. Tsy mila anaram-piangonana isika. Tsy mila rafi-pandaminana isika. Tsy mila hasomparana isika. Tsy mila fifamaliana isika. Mila an'Andriamanitra isika, ary Izy no Teny.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny.

192 O Andriamanitra, mijery manodidina amin'ny maso ara-panahy aho, miezaka ny mijery an'izay miseho. Hitako Ny Teninao, ny fomba izay nanamarinana Azy, ny fomba izay nanaporofoina Azy; hatrany amin'ny telo amby telopolo taona lasa izay, teto amin'ny renirano teto, izay Nolazainao. Ary eto izany, telo amby telopolo taona taty aoriana, ary eo am-panaovana an'izay Nolazainao mihitsy Ianao. Ary efa Nataonao mihitsy izay Nolazainao. Tompo, ho lavitra anay anie ny hiezaka hanakely an'Izany na ny hanalehibe an'Izany; mihazona fotsiny an'Izany amin'ny fomba izay Nanaovanao Azy, mandeha manetry tena fotsiny ary manaraka Anao.

193 Ireto izy ireo, Tompo, izay Nomenao ho an'ilay asam-panompoana, afa-tsy ireo izay nodimandry manerana ny firenena, manodidina an'izao tontolo izao. Ireo fasana eto dia mihazona ny maro amin'ireo masina miandry, voatahy. Fa izany no arak'izay voalaza hoe, "Isika izay velona ka mitoetra dia tsy hialoha an'ireo izay nodimandry. Hotsofina ny trompetra, ny maty no hitsangana aloha; avy eo dia hakarina miaraka amin'izy ireo isika." Rehefa ho eto ambonin'ny tany ny voninahitr'Andriamanitra, dia hanafina ny Fiangonana ho lavitra an'izao tontolo izao izany. Tsy hahita Azy akory aza izy rehefa lasa Izy.

194 Andriamanitra Ray, tehirizo eo an-Tànanao ireo. Anao izy ireo. Mivavaka aho, Andriamanitra, mba handehananay isan'andro manetry tena eo Anatrehanao. Tsy fantatray hoe hafiriana. Tsy maniry ny hahafantatra izahay hoe hafiriana; tsy andraikitray izany. Andraikitrao izany. Tsy sitraponay ny hahafantatra hoe rahoviana Ianao no ho tonga. Ny sitraponay, Tompo, dia ny hitoetra manetry tena mandra-Pihavinao, ary

mandeha miaraka Aminao. Ny fanirianay dia ny Hamelanao fotsiny ny Tenanao ho fantatra, indray mandeha matetitetika, Ray, eo anivonay, mba hahafahanay mahita fa mbola miaraka Aminao foana izahay.

195 Mamelà anay ny amin'ny fahotanay fahiny. Tariho làlana izahay ary arovy amin'ny fandriky ny devoly rehetra, amin'ny ho avy. Tariho izahay ary tario làlana, O Andriamanitra Rainay. Mamelà ny fahotanay ary ampio izahay mba ho tonga Zanakao. Kilasin'olona mahantra izahay. Izahay dia voaroaka iray, avy tamin'ireo fikambanan'ity izao tontolo izao ity, avy tamin'ny anaram-piangonan'ireo fiangonana.

Hitanay ny farany. Ary misaotra Anao izahay ny amin'ny fahitana ara-panahy ao amin'Ny Teninao, mba hahita ny andro farany, fa ireo zavatra rehetra ireo dia tsy maintsy tonga eo amin'ilay fitoraham-bato lehibe avy any An-danitra. Ampio izahay, Tompo, mba tsy ho eto amin'izany andro izany, fa mba ho lasa any amin'Ny Fanatrehanao, hanidina ho eo an-Tratranao.

196 Sitrano ny marary sy ny ory, Tompo. Mivavaka izahay izao hariva izao mba Hanomezanao anay an'izany fotoana lehibe izany, enga anie tsy hisy olona malemy eo afovoanay, nohon'Ny Fanatrehanao, Tompo. Enga anie ny fonay ho tafatoetra eo Aminao hatrany hatrany. Ary fantatray, Tompo, fa ny vola, ny fananana, ireo zavatr'izao tontolo izao dia tsy misy dikany, fa tena vonjimaika fotsiny. Tsy maintsy lasa ireo rehetra ireo. Ny asanay, ny toeranay, ny sakaizanay, ny zavatra rehetra dia tsy maintsy lasa. Tsy mampaninona na manan-karena toy ny ahoana aza, mahantra toy ny ahoana, malaza na tsy malaza toy ny ahoana izahay, tsy maintsy lasa izany rehetra izany. Fa zavatra tokana ihany no ifantohan'ny vatanay manodidina eto, ary izany dia Jesosy Kristy. Noho izany, Andriamanitra, avelao izahay hanaisotra ny zavatra rehetra ho tsy tena ilaina, ka hifikitra eo Aminy. Ary Izy no Teny. Ekeo izany, Tompo.

197 Ilay Teny voamarina an'ilay ora! Jesosy ilay Teny voamarina ho an'ny andron'i Mosesy. Ilay Teny voamarina ho an'ny andron'i Isaia, Elia, Jaona, ny rehetra, dia Jesosy. Ary ilay Teny voamarina amin'izao andro izao dia Jesosy, ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Ampio izahay, Tompo, mba hino an'izany, hahita an'izany, ary handeha ao amin'izany. Izahay—izahay dia mangataka amin'ny Anaran'i Jesosy.

198 Miaraka amin'ny lohantsika miondrika, dia manontany aho raha misy sasany ato izay tsy nanao mihitsy an'io anankiray lehibe, ampy tanteraka io. . . Mino an'Izany ianareo, saingy tsy ampy ny mino an'Izany fotsiny.

Mino aho fa zazavavy tsara iray ny vadiko. Fantatro ny rainy, ny reniny. Fantatro nandritry ny taona sy ny taona izy. Nandeha tamin'ny fiainana iray mahitsy izy. Nino aho fa

vehivavy tsara iray izy, saingy tsy izany no nanao azy ho ahy. Tsy lasa ho ahy mihitsy izy raha tsy, izy, nanaiky azy aho, izy nanaiky ahy.

Ankehitriny dia te-hanaiky anareo Jesosy. Hanaiky Azy ve ianareo ka ho lasa ampahan'Ny Teniny? Raha tsy nanao an'izany ianareo, miaraka amin'ny lohanareo miondrika sy ny fonareo miondrika, matoky aho . . .

199 Tsy misy efitra ho an'ny antso iray eny amin'ny alitara eto. Tsy tena mankasitraka azy ireny loatra aho, na ahoana na ahoana. Mino aho fa mamangy anareo eo amin'izay misy anareo mihitsy Andriamanitra. Hanangana ny tànanareo ve ianareo, hanao hoe, "Rahalahy Branham, tsarovy am-bavaka aho. Te-hanao an'izany aho." Andriamanitra hitahy anao. "Izaho . . ." Andriamanitra hitahy anao. Oadray, hatraiza hatraiza ireo tànana! "Te-ho tahaka an'izany aho." Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Hitahy anao, rahalahy; ianareo rehetra, manodidina. "Te-ho izany aho." Andriamanitra hitahy . . . "Te-ho izany marina tokoa aho. Izaho—izaho dia mahita an'izany."

Eny, ankehitriny, jereo, ry sakaiza, mety misy zavatra kely iray . . . Raha tsy izany ianareo, amin'izay fotoana izay dia misy zavatra iray izay itoeranareo manodidina ankoatran'izany. Tena akaikin'izany ianareo, mijery an'izany ianareo. Hitanareo izany. Efa hitanareo nandritry ny taona maro izany, mitombo. Hitanareo tonga eo amin'ny fahamatorana izany ankehitriny. Raha midika ho zavatra rehetra amintsika izany, ka tsy misy na inona na inona hafa haharitra afa-tsy Izany, nahoana no tsy ahodina fotsiny ny lohanareo hiala amin'ilay zavatra izay jerenareo ka hampifantoka ny tenanareo eo Aminy? Fa, ny ivon'ny fiainana rehetra, ny any ankoatra rehetra, dia Izy. Tsy hanao an'izany ve ianareo, raha miaraka mivavaka isika?

200 Andriamanitra malala, raha ireo tànan-dehilahy, vehivavy, zazalahy, zazavavy, na ireo mpitoriteny aza, dia manangana ny tànany. Izy ireo—izy ireo dia naniry ny—ny hilaza fa te-ho lasa mifantoka mihitsy manodidina ny Tompo Jesosy izy ireo, kanefa toy ny hoe tsy afaka manao an'izany. Misy zavatra manosika azy ireo amin'*ity* làlana ity, *itsy* làlana itsy. Mety ho anaram-piangonana iray izany, mety ho olona iray izany, mety ho fahotana iray izany, mety ho zavatra iray izay afenin'izy ireo ao am-pony izany. Tsy fantatro, Tompo. Ianao no mahafantatra. Na inona na inona ilay izy, enga anie izao ankehitriny izao, Tompo, raha mbola miantso ny hafa Ianao . . . Ianao no niantso azy ireo. Anao izy ireo.

Ary raha mbola miantso azy ireo Ianao, enga anie izy ireo ho afaka amin'izany, io fahotana izay mahazo io, araka ny nolazain'ny Baiboly. "Ilaozy io fahotana izay malaky mahazo antsika io, mba hahafahantsika mihazakazaka am-paharetana

an'ilay hazakazaka izay napetraka eo anoloantsika, mijery ny. . . " Inona, ny asantsika, ny anaram-piangonantsika, ny fikambanantsika, ireo mpanolo-tsaina? "An'i Kristy ilay Mpanao sy Mpanefa ny finoana izay ananantsika ao Aminy." Ataovy izany, Ray, ho anay androany, fa mangataka an'izany amin'Ny Anarany sy ho an'ny Voninahiny izahay.

201 Ankehitriny dia Anao izy ireo, Tompo. Ataovy amin'izy ireo izay Hitanao fa sahaza. Ataovy aminay izay Hitanao fa sahaza. Anao izahay. Amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

Tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

202 Adinonareo ve ny amin'ny sakafo hariva? Adinonareo ve na mety tsara ireo ankizy, ao anatin'ny fiara ao, na tsia? Adinonareo ve ny rehetra mikasika ny lasa, ka fantatrareo hoe inona no tsapanareo izao ankehitriny izao? Miharihary eo anatrehanareo izany, isan'andro isan'andro. Hitanareo? Aoka izany no ho ivon'ny zava-drehetra. Aoka ny sisa amin'ireo zavatra ho foana; ho levona izy ireo, na ahoana na ahoana.

Oh, manohiza manaraka Azy fotsiny! Hitanareo? Tahaka ny nanarahan'i Elisa an'i Elia, dia ndao isika hanaraka Azy. Fa isika dia tsy maintsy hakarina, ihany koa, indray andro any. Efa hitantsika ilay kalesy Afo izay nampakatra Azy avy tao am-pasana. Tsapantsika eo anivontsika Izany ankehitriny. Indray andro any dia hamaha an'ireo soavaly avy ao amin'ny kirihitra Izy. Hiakatra isika. Tsy tianareo ve Izy?

Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

Oh, tsy afaka ny somary hanakimpy ny masonareo fotsiny ve ianareo ka hahita Azy mihantona any?

Tiako Izy, (iza no hafa azoko tiavina?) tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

203 Isaky ny miverina any an-trano aho, dia misy olona iray lasa. Raha handeha volana vitsivitsy aho, ka miverina, dia misy olona iray lasa. Malahelo aho isaky ny tonga.

Indray andro, zalahy iray izay niarahako tany an-tsekoly, no nandeha teny an-dàlambe, hoy izy hoe, "Akory, Billy."

204 Nojereko izy, namana kely tsara tarehy izy taloha, volo tena mainty mamiratra voabango nankany aoriana; ankehitriny dia tena fotsy tahaka ny oram-panala ilay izy. Tena nahitsy izy taloha; ny kibony mivoaka tahaka an'*izao*. Hoy aho hoe, "Akory, Jim." Nojereko izy.

Tsapako tato am-poko, nieritreritra aho hoe, "Andriamanitra, izaho sy ity tovolahy ity, izaho sy ity lehilahy ity, dia mitovy taona."

Tamin'izay fotoana izay, dia fantatro fa voaisa ireo androko. Fantatro fa tsy ho ela intsony ilay izy. Mijery manodidina aho, ka mieritreritra hoe, "Inona no azoko atao, Tompo? Ampio aho. Tsy te-handeha eo Alohanao aho. Izaho dia te-hijanona mihitsy—mihitsy Aorianao. Ianao no mitarika ny làlana." Mijery aho, ary mieritreritra hoe, "Enina amby dimampolo taona, oh, oadray, tsy ho ela intsony!"

205 Ary mijery aho, mahita ny sakaizako tsara Bill Dauch mipetraka eo, roa amby fitopolo na telo amby fitopolo taona. Mijery manodidina aho, mahita an'ireo ankizy, mieritreritra izy ireo hoe, "Eny, hiandry aho mandra-pahantitro tahaka an-dRahalahy Branham, hieritreritra an'izany aho." Ry malala, mety tsy ho hitanareo izany. Misalasala betsaka ny amin'ny hahitanareo an'izany aho. Hitanareo? Fa, eritrereto fotsiny hoe, raha velon'aina i Rahalahy Bill Dauch amin'ity andro ity, dia hahari-miaina amin'ny an-jatony amin'ireo olona dimy ambin'ny folo-, enina ambin'ny folo taona izy. Miha-maty isan'ora izy ireo.

Noho izany inona no fahasamihafana ataon'ny hoe firy taona ianareo! Inona no ataonareo mikasika ny ora izay iainanareo? Inona no ataonareo ho an'i Jesosy amin'izao fotoana izao? Hitanareo? Oh, te-hahita Azy aho. Te-hahita an'ilay ora izay hijereko sy hahitako an'ireto vatana antitra rehetra ireto niova aho, hahita azy ireo "novaina ao anatin'ny fotoana vitsy, ao anatin'ny indray mipi-maso." Raha tsy izany ilay izy, amin'izay fotoana izay dia isika no olona adala indrindra; mihinàna, misotroa, ary mifalia, satria rahampitso dia ho faty ianareo; hitanareo, tahaka ny biby iray fotsiny ianareo, maty ary mankany amin'ny vovoka dia izay ihany. Fa misy mety maty iray . . . aina tsy mety maty iray velona ao anatinareo, rahalahy. Efa nandre avy tany An-danitra isika. Efa hitantsika voaporofo izany. Fantatsika fa misy Izy, ary mpamaly soa an'ireo izay mitady Azy fatratra.

Ankehitriny, ry mambran'ny Vatan'i Kristy, raha hihira an'izany indray isika, tiako ianareo hipetraka fotsiny eo amin'ny sezanareo ka handray ny tànan'ny hafa raha mbola mihira an'izany indray isika.

Izaho . . . (arahabao fotsiny ny rahalahinareo,
anabavinareo) tiako Izy
Satria . . . (Richard!) . . . ahy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

206 Tianareo ve Izy? Manaova, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tianareo ve Ny Teniny? Manaova, "Amena." ["Amena!"] Tianareo ve ny Antony? Manaova,

"Amena." ["Amena!"] Tianareo ve Ny Vatany? Manaova, "Amena!" ["Amena."] Noho izany, mifankatiava ianareo. Amena! Marina izany. "Izao no hahafantaran'ny olona rehetra fa Mpianatro ianareo, raha mifankatia."

Ankehitriny dia mametraka ny tànako eo ambonin'ireto mosara ireto aho, raha tsy maintsy haka azy ireo ianareo alohan'ny rahariva.

207 Hangataka an-dRahalahy Richard Blair aho. . . Namaly ny fivavahany Andriamanitra, izy sy ilay rahalahy eto, nivavaka indray andro, mba hamerenana an'io zazalahy kely izay mipetraka eto anivontsika androany io, izay velona, nohon'ny finoan'izy ireo an'Andriamanitra. Ankehitriny dia hangataka azy aho hampirava antsika amin'ny tonom-bavaka iray, ao anatin'ny fotoana vitsy fotsiny, mba hahafahantsika miverina indray rahariva.

Eo amin'ny roa ambin'ny folo sy dimy minitra fotsiny izao, araka an'io famantaranandro io. Ary tiako ianareo hiverina rahariva, raha vitanareo, raha eto amin'ny manodidina ianareo. Raha tsy maintsy handeha hody ianareo, dia enga anie Andriamanitra hanafaingana anareo eny amin'ny làlanareo, sy hanampy anareo, ary hiaro anareo. Raha afaka mijanona ianareo, ka te-hijanona, dia tonga soa ianareo mba hijanona. Homba anareo anie Andriamanitra ankehitriny.

> Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
> Mandra. . . (ndao isika hanangana ny tànantsika Aminy). . . pihaonantsika eo an-tongotr'i Jesosy;
> Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
> Homba anao anie Andriamanitra mandra-pihaonantsika indray.

[Manomboka misamonomonona ny *Homba Anao Anie Andriamanitra* Rahalahy Branham—Mpand.] Izany no fomba handaozana ny tranon'Andriamanitra, am-pivavahana, am-panetre-tena, matoky fa hihaona indray isika rahariva. Raha tsy izany, "Homba anao anie Andriamanitra mandra-pihaonantsika indray!"

Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny. Rahalahy Blair.

Miezaka Manao Asa Iray Ho An'Andriamanitra Nefa Tsy Araky Ny Sitrapon'Andriamanitra MAG65-0718M

(Trying To Do God A Service Without Being The Will Of God)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady maraina, 18 Jolay, 1965, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2015 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org